

Kristy sy ny Fiangonany ao amin'ny Faminaniana (*Christ et Son Eglise dans la Prophetie*)

Famelabelarana ara-Baiboly

Fampidirana

Ny tanjon'ity famelabelarana ity dia ny ifantohantsika amin'i Kristy sy ny Fiangonany ao amin'ny Faminaniana. Hatra tany am-piandohan'ny fotoana, dia nisy hatrany lehilahin' Andriamanitra izay nirakitra ireo asa masina nataon'ny Tsitoha. Nanambara izay hitany izy ireo, sy izay reny ary izay niainany. Na ny Testamenta Taloha na ny Vaovao, dia samy ahitana ny fijoroan'izy ireo vavolombelana.

Mbola fotoana ara-Baiboly no iainantsika izao, ary mbola afaka miditra amin'izay ataon'ny Tompo ankehitriny isika. Tsy maty, toy ny lazain'ny sasany, Andriamanitra.

Firenena dimampolo manerana ny tany no efa nanaovako ny asa fanompoako. Ary fiangonana samihafa no nanasa ahy, toy ny Anglikana, Loteriana, Metodista, Batista, Pentekotista, sy ny hafa koa. Tsy mba voasakan'ny fefy izay atangan'ny olona ny mpanompon' Andriamanitra mahatoky. Hainy fa n'aiza n'aiza dia misy zanak'Andriamanitra. Resy lahatra ireo mpanompon'Andriamanitra, rehefa novelarina teo anoloany sy ny fiangonany ny Drafy-panavotana, tamin'ny alàlan'ny fahatanterahan'ireo faminaniana.

Ny sasany amin'ireo mpanompon'Andriamanitra, amin'ny anaram-piangonana samihafa, izay mahafantatra ny zava-mitranga ankehitriny eto ambonin'ny tany dia miaiky avokoa fa nampiasain'Andriamanitra tamin'ny fomba miavaka tsy nanam-paharoa i *William Branham*. Kanefa, misy ireo hafa izay miezaka manamaivana ny fanompoany, satria izy ireo te-hanapotika ny fitokian'ny vahoaka izay nomen'Andriamanitra azy. Na dia mampitandrina ny olona amin'ny fampianarany ara-Baiboly aza izy ireo, tsy afaka handà fa izy dia mpaminany nahery tokoa. Mahatsikaiky! Tsy afaka sady ivoahan'ny rano mamy no ivoahan'ny rano mangidy ny loharano iray.

Ny mpaminany lehibe iray dia atao hoe mpahita. Manana ny fanambarana ny Teny avy amin'Andriamanitra izy, ary efa voatokana amin'ny asa iray manokana hatramin'ny fahaterahany (Jer. 1:5)

Ireo toritenin'io irak'Andriamanitra mpanetritena io dia nitondra indray ny fahazavan'ny Teny. Ho gaga ianao mamaky azy ireo, amin'ireo filazana arapanahy omeny, izay tonga amin'ny fotoany tsara. Mety misy mahita fa sarotra raisina izany, saingy efa toy izany koa tamin'ny andron'ireo Apostoly.

Nisy olona kely fahalalana sady tsy miorina tsara no ratsy fampiasa ny filazana sasantsasany nataon'io mpaminany io, ka nahatonga fahaverezana ho an'ny tenany izany. Noho izany, dia ilaina dia ilaina ny mandahatra ny fampianarana rehetra amin'ny Soratra masina, ary ny Baiboly no tsy maintsy jadona ho antsika.

Mangataka aminareo aho, ny mba am-panahim-bavaka no hamakianareo ity bokikely ity. Hanampy anareo anie ny famakiana azy, ahafantaranareo tsara kokoa ny Drafy-Panavotana manontolo. Ary ny fitiavantsika ny Tompo Jesosy-Kristy anie hitombo noho ny taloha. **Aza mitsara araka izay lazain'ny olona, na izay ataony. Tsapao tsara ny lanjan'izay ho fanapahan-kevitrao. Aoka ho azonao antoka fa izay tsara no ho noraisinao!** Andriamanitra anie hitahy betsaka anao.

Ny mpanoratra.

KRISTY SY NY FIANGONANY AO AMIN'NY FAMINANIANA

Raha ny marina, dia fotoana be voninahitra tokoa izao, ao amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona. Amin'ny sehatra rehetra, dia misy zava-baovao hatrany hita. Fivoarana lehibe no nisy, ary zavatra mahagaga isan-karazany no vita. Toa tsy misy zavatra tsy ho vita. Hitan'ity taranaka ity ny fivoarana, niainga tamin'ny kalesin-tsoavaly ka tonga amin'ny sambon-danitra. Miezaka ny tsy ilaozan'ny toetrandro ny rehetra. Saingy, ny fanontaniana lehibe dia izao: tsy nilaozan'ny toetrandro ve isika ny amin'ny Fanjakan'Andriamanitra? Ahoana ny fandrosoantsika ara-panahy? Manaraka ny hetsiky ny Fanahy Masina ve isika, raha madiva haka antsika ho any amin'ny avo indrindra ny Tompo izao?

Mety ianao kristiana izay mankasitraka ny nataon'Andriamanitra tamin'ny lasa, fa ny fanontaniana dia ity: Tsapanao ve izay ataon'ny Fanahy Masina ankethitriny, raha mitarika ny Ampakariny i Kristy ho amin'ny fahatanterahana Izy?

Tamin'ny andro Pentekosta no naorina ny Fiangonan'i Jesosy-Kristy, ary Andriamanitra mihitsy no nametraka ny modelin'ny tena kristianisma mandritra ny fizaram-potoana manontolo ho an'ny Fiangonan'ny firenena Jentilisa. **Tsy hanaiky afa-tsy ny Teniny ihany Andriamanitra.** Na ny olona tsirairay, na ny fiangonana tsirairay, dia tsy maintsy mampitaha ny fampianarany, sy ireo fototry ny finoany, ary ireo traikefany, amin'ireo fampianaran'ilay Fiangonana voalohany. Tamin'izany andro izany, ny mpino tsirairay dia nanana traikefa manokana sy mahagaga izay niainany niaraka tamin'i Kristy, ary ny Fanahy Masina no nametraka azy tao amin'ny Fiangonana toy ny zanakalahy na zanakavavy an'Andriamanitra.

Indrisy anefa, tsy maintsy milaza isika fa, na be voninahitra tokoa aza ny fiandohan'ny Fiangonana, dia nitsofoka tsikelikely tao amin'ny fanjakan'ireo voavonjy ny zavatra ara-nofo maro. Nanomboka nangatsiaka sy nanana endrika ivelany fotsiny ny olona, ary nanomboka nampianatra ireo fanekempinoany sy ireo fampianarany izay nifototra tamin'ny Lalàna. Arakaraka ny nandrosoan'ny fotoana no nitoetra koa ny tsifirehana, ary niala ny lalan'ny Mazava ny ankamaroan'ny tontolo

kristiana, ka nilentika tao amin'ny fahamaizinana ara-panahy. Tao amin'izany anefa ny Tompo dia niahy ireo izay Azy. Nandefa iraka Izy ho an'ny taom-Piangonana tsirairay, mba handrehitra ny afon'Andriamanitra indray. Io vondrona kely, vitsy an'isa io dia nihazona mafy ny finoan'ireo ray Apostoly. Nihetsika teo anivony ny Fanahy Masina, izay nitarika azy nankao amin'ny Teny nampanatenaina ho an'ny androny.

«Fa isika, ry rahalahy, dia zanaky ny teny fikasana tahaka an'Isaka.» (Galatiana 4:28).

Mandray ny Teny fikasana ireo zanaky ny Teny fikasana, ary asiana tombo-kase amin'ny Fanahy Masina araka ny Teny fikasana. (Efes. 1:13)

Nandritra ireo fotoana lasa, dia nitondra andro famelombelomana ny Tompo, tamin'ny alàlan'ireo fifohazam-panahy nifandimby sady nitety firenena maro, izay nampiasainy nanairana ireo Zanany amin'ny fisian'ny fahatanterahan'ny Teny fikasana. Hatrany hatrany, ny finoan'i Abrahamana sy ny an'ireo taranany, dia niankina tamin'ireo teny fikasan'Andriamanitra.

Tamin'ny Fiantrany hatrany no nitarihan'Andriamanitra ireo Olony, sy nitantanany ny diany. Nandritra ireo taom-Piangonana maizina, izy ireo dia afaka niharitra ireo fanenjehana mafy indrindra sy ireo fampijaliana, satria nomba azy Andriamanitra. Amin'ny fo feno fankasitrahana no ahafahantsika mandinika ireo andron'ny Reformasiona, sy ireo fifohazam-panahy nanaraka izany, izay nitarihan'Andriamanitra ny Olony ho amin'ny fahazavana nitombo hatrany. Saingy, tsy afaka mijanona amin'ireny fitsidihana tamin'ny lasa ireny isika, izay nipoiran'ny anaram-piangonana maro. Ny Fanahin'Andriamanitra, na oviana na oviana, tsy mijanona anatin'ny sehatra tery izay ana rafipandaminana. Mifindra hatrany Izy, ary ny Fanahy Masina dia maneho ny Heriny eo amin'ny rehetra tena mpino, mandrapaha voahova azy ireo hanana ny endrika voatahy an'ny Tompo Kristy-Jesosy. Hiverina tsy-ho-ela Izy, haka Ampakarina iray tsy misy pentipentina na fikentronana.

Nisy hetsika mahery nataon'ny Fanahy Masina tamin'ny fiandohan' ny taonjato faha-20; naverina nomena ireo zanak'Andriamanitra ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy. Nanerana ny tany no niaina andro famelombelomana ara-panahy avy tany amin'ny Avo ny olona. Ireo olona antitra amin'ny firenena rehetra dia afaka mijoro vavolombelon'izany fitsidihana nahery nataon'ilay Andriamanitra Tsitoha izany. Ary mbola manohy ny Asany eo anivon'ireo Azy Izy. Maro ireo olona izay afaka mijoro ho nahita maso ny fifohazam-panahy nahery tamin'ny famonjena sy fanasitranana izay nisy taorian'ny ady lehibe faharoa. Noho ny Fiantrany lehibe sy ny Fitiavany, dia mbola norakofan'ny Tompo ny Fiahian'ny Fanahy Masina ireo Zanany, mba ifantohany amin'ny Teny fikasana ho an'ny androntsika. Araka ny Teniny, dia efa fikasany ny hanazava amin'ny antsipiriany ny Planiny mandrakizay, sy hanambara ireo zavamiafina be voninahitra voafina nandritra ny fotoana rehetra.

Ity hetsiky ny Fanahy farany ity dia nanomboka ny volana Mey 1946, araka ny baiko nivantana nomen'Andriamanitra Tsitoha an'i *William Branham*. Ny asa fanompoany tsy nanam-paharoa, izay niavaka tokoa tamin'ny famonjena sy fanasitranana, dia nisy fiantraikany be tamin'ny sarambaben'ny vahoaka. Ny Tompo mihitsy no nanamarina ny Filazantsara teo imason'ny olona anjatony sy andrivony, nanerana ny tany manontolo. Kanefa, rehefa notorina ny fampianarana ara-Baiboly, dia tsy nanaiky izany ny besinimaro. Dia niharihary fa aleony nitady trondro sy mofo. Ary nihavitsy kokoa hatrany hatrany ilay vondrona kely mahatoky izay nanaraka an'i Kristy, ireo izay nandray manontolo ilay minisiteram-paminaniana, nahafantatra ny andro izay niainany, sy ny hafatra nifanaraka tamin'izany. Vonona hanaraka ny Tompo izy ireo, na aiza na aiza no itarihany azy.

Hatra tamin'ny andron'ireo Apostoly, ny Tenin'Andriamanitra dia tsy notorina feno toy ny amin'izao fifohazam-panahy farany ho amin'ny fampodiana Azy izao. Naneho ny Heriny i Jesosy-Kristy, ary noporofoiny fa Izy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay, araka ny tena hevitra ny Teny. Ireo nambinina tamintsika miaina amin'izao taom-Piangonana farany izao ka nahita ny Mazava dia voatarika ivelan'ireo aizina ara-panahy. Ny Fiangonana-Teny, ny Ampakarina,

izay notarihin'ny Fanahy Masina, dia niverina amin'ny fampianaran'ny Soratra Masina voalohany.

Isika izao dia tonga amin'ireo andro farany amin'ny fampodiana feno ny Fiangonan'ny Andriamanitra Velona, araka ny teny fikasana ao amin'ny Joela 2:25: «*Kristy... dia Jesosy, Ilay tsy maintsy horaisin'ny lanitra mandra-pihavin'ny andro fampodiana ny zavatra rehetra, izay nampilazain'Andriamanitra ny mpaminaniny masina hatramin'ny voalohany indrindra.*» (Asan'ny Apostoly 3:20-21). Ho tonga indray Jesosy-Kristy haka Ampakarina iray tafaverina tanteraka ao amin'ny Teniny.

Isaky ny mandefa fifohazam-panahy Andriamanitra, ny Vahoakany dia mitandrina io antson'Andriamanitra io, ary ialàny tanteraka izay rehetra tsifinoana, tsifiraikana, ary fombafomba ivelany. Araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina azy no androsoany .

Tsy nisy, tao amin'ny tantara, fivelarana goavana an'ireo asam-pivavahana sy fitoriana ny Filazantsara, toy ny amin'ny androntsika izao. Tsy mbola nisy toy ny ananantsika izao ny fampitaovana sy ny fahafahana miasa, saingy tsy mbola koa nanahirana toy ny amin'izao ny fahitana ny lâlana, satria ny marina sy ny diso dia mifanakaiky izaitsizy amin'izao fiafaran'ny andro farany izao. Hoy Jesosy, ao amin'ny Matio 24:24, fa ho feno fitaka loatra rehefa hiditra ireo andro farany, ka na ireo olom-boafidy aza ho fitahiana, raha azo atao. Isaorana anefa Andriamanitra fa tsy hisy izany.

Mandre matetika isika resaka mikasika an'i *Kristy sy ny Fiangonany*, saingy aiza Izy no hita tahaka ny anehoan'ny Baiboly Azy? Aiza ny Fiangonana tahaka ny anoritan'ny Soratra masina Azy? Tsy mihambo ho “ilay Fiangonana“ ve ny anaram-piangonana tsirairay? Tsy tononina amin'ny Anaran'i Jesosy-Kristy ve ny asam-pivavahana rehetra ataony? Milaza ny tenany ho ao amin'ny marina ny tsirairay, saingy ny filazana fotsiny dia tsy manaporofa izany. Amin'Andriamanitra, dia tokana ihany ny Fiangonana mahatoky, dia ilay izay fitoeran'ny Avo-Indrindra: «*..Tranon'Andriamanitra, dia ny fiangonan'Andriamanitra velona, sady andry sy fiorenan'ny fahamarinana.*» (1 Timoty 3:15). “Tokana ny *finoana*, tokana ny *Tompo*, tokana ny *batisa*“ (Efes.4:5). Miray amin'ny

samy izy ireo singan'ny Vatan'i Kristy rehetra, ary samy miray amin'i Kristy izy ireo (1 Kor.12:12)

Tsy maintsy mitandrina isika rehetra mba tsy hanao fandikana manokana, fa kosa hamela ny Tenin'Andriamanitra hiteny ho Azy ihany. Tamin'ny alàlan'ilay minisiteram-paminaniana naseho tamin'ny androntsika izao, dia voatrandraka ary naseho mazava ireo harena maro nafenina taloha. Tsapantsika fa antomotra ny Fiavin'ny Tompo Kristy-Jesosy, ary tsy manam-potoana ihainoana ireo feo rehetra manodidina antsika isika. Tsy maintsy mihaino sy mankato ny antson'ny Feon'ilay Mpiandry ondry Tsara isika, Izy izay miantso ireo Ondriny ary mitaona azy hanaraka Azy. *«Tsy mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra (Deo. 8. 3).»* (Matio 4:4). Izany hoe, tsy ireo andalana sasasantsany izay mifanaraka amin'ny hevitsika manokana fotsiny ihany no alaina, fa ny teny rehetra ao amin'ny Tenin'Andriamanitra.

Raha ny mikasika ny zavatra ara-tSoratra Masina rehetra, dia aoka isika hamela ny Baiboly ho mpifehy tokana sy mpitarika tokana antsika. Mandroso amin'ny toerana masina isika rehefa mifandray amin'ny Teny faminaniana. Aoka fotsiny isika hanala ny kirarontsika, rehefa miteny ny Tompo.

KRISTY AO AMIN'NY ENDRINY SAMIHAFANA

Ny Tenin'Andriamanitra dia mampiseho ny Tompo Kristy-Jesosy amin'ireo Fanononana Azy sy ireo Asany maro samihafa, arakaraka ny Fisehony ao amin'ny Drafipanavotana. Hita ho toy ny **Zanak'ondrin'Andriamanitra** izay manaisotra ny fahotan'izao-tontolo-izao Izy (Jaona 1:29). Izy no **Mpisoronabe**, niditra tao amin'ny toerana masina indrindra nitondra ny Ràn'ny Tenany ihany (Hebr. 9:11-12). Izy no **Mpanalalana** tokana amin'Andriamanitra sy ny olombelona (1 Tim.2:5), Izy ilay **Mpisolovava** izay miady ho antsika (1 Jaona 2:1). Izy no **Lionan'ny fokon'ny Joda** (Apok.5:5), ny **Mpanjakan'ny mpanjaka** sy **Tompon'ny tompo** (Apok.19:16). Izy no zava-drehetra amin'ny rehetra ho an'ireo mpino, **Andriamanitra naseho tao amin'ny nofo** (1 Tim.3:16). Izy ny

Zanakalahin'Andriamanitra, ny Zanak'olona, ary ny Zanak'i Davida.

Ireo Filazantsara efatra no mitantara ny fiainan'i Kristy, ny Minisiterany, ireo Fijaliany, ny Fahafatesany, ny Fandevenana Azy, ny Fitsanganany be voninahitra tamin'ny maty, ary ny Fiakarany voatahy. Tao Kalvaria izay nandrotsahany ny Ràny masina, no nividianany ireo izay Azy. Tamin'ny andro Pentekosta, niverina tao amin'ny endriky ny Fanahy Masina Izy, ary nanao Fitoerany ao anatin'ireo izay navotany. Nanomboka teo, dia amin'ny alàlan'izy ireo Izy no mihetsika, manao ireo asa izay nataony ihany nandritra ny Minisiterany teto an-tany. Amin'ny alalan'ireo famantarana izay manaraka azy ireo no mijoro vavolombelona ny fitoriany ny Teniny Izy, ary manamarina izany. (Heb. 2:4)

Ny Fiangonana voalohany dia naharitra tamin'ny fampianaran'ireo Apostoly, tamin'ny fiombonan'ny mpirahalaky ary ny fivavahana (Asa 2:42). Afaka milaza ve isika fa toy izany koa no ataontsika ankehitriny? Nahafantatra ny mpino fa tolotsaina tamin'ny Fanahy Masina, ary teo ambany fitarihany, no nanoratany sy nitenenan'ireo Apostoly. Afaka milaza ve isika fa toy izany amintsika tsirairay, amin'ny maha singan'olona antsika, sy ao amin'ny fiangonana misy antsika?

Ireo epistily dia manazava amintsika ny fiasa sy ny lamina misy ao amin'ny Fiangonana. Araka ny Efesiana 4:11, dia mametraka ao amin'ny Fiangonany Andriamanitra: apostoly, mpaminany, mpampianatra, evanjelisitra ary mpiandry. Andriamanitra no nanome ireo minisitera ireo mba ho fampirisihana sy ho fanatanterahana ireo singan'ny Vatan'i Kristy. Nametraka koa Izy fanomezam-pahasoavana ara-panahy mba ho fampandrosoana sy ho fampaherezana ny Fiangonana (1 Kor.12:4-11). Ny singa mahatoky tsirairay ao amin'ny Vatan'i Kristy dia maneho ireo vokatra ny Fanahy Masina (Gal. 5:22-26). Tiako mba ho fantatra ny olona mazava tsara fa ny Tenin'Andriamanitra rehetra dia mbola manan-kery ankehitriny.

Ny Tenin'Andriamanitra dia manoro antsika mazava tsara ny amin'ireo asa fanompoana rehetra, sy ny fampianarana, ary izay rehetra tsy maintsy tandremana ao amin'ny Fiangonana. Tokony ho azo tsara

avokoa, tsy misy anavahana, ireo rehetra ireo. Izay rehetra te-hanao ny tsara dia mahavita manaraka ny tena filamatry ny Baiboly. Tsy misy fomba ahafahana tonga amin'ny fahatanterahana afa-tsy amin'ny fankotoavana ny fampianarana fototry ny Baiboly manontolo, ary amin'izay ihany.

«Koa aoka hilaozantsika ny abidim-pianarana ny amin'i Kristy, fa aoka handroso ho amin'ny tanteraka isika» (Hebreo 6:1)

Ny lafiny ara-paminaniana an'i Kristy sy ny Fiangonany dia tena manan-danja, indrindra amin'ny fotoana toy izao, izay ahatanterahan'ireo faminanian'ny Baiboly. Tsy isalasalana fa ho afaka hiresaka mikasika ny faharavan'ny tontolo ankehitriny isika, sy ireo famantarana ny andro farany, ny amin'Isiraely, ary lohahevitra maro hafa. Ankasitrahantsika tokoa ny Andriamanitsika Tsitoha, noho Izy manefa ireo teny fikasany amin'ireo Jiosy, tahaka ny anaovany izany amin'ny Fiangonany. Ny tena mpino marina dia miandany amin'Isiraely, tsy mijery, na ireo tatitra, na ny hevitra ny firenena maha-olom-pirenena azy. Efa fahagagana sahady, na ny firenena Isiraely, na ny mbola fisiany. *«Mihainoa ny tenin'i Jehovah, ianareo jentilisa, ary torio any amin'ny tany amorontsiraka any lavitra any izany, ka atao hoe: Izay nampielany ny Isiraely no hanangona azy indray sady hitandrina azy toy ny fitandrin'ny mpiandry ondry ny ondriany.»* (Jeremia 31:10).

Azo antoka fa Andriamanitra tsy mba hanadino an'Isiraely, ary Izy hihazona ireo teny fikasany tsara rehetra ho an'ny taranak'i Abrahama ara-nofo, izany mandrapaha-tanteraka ireo Fikasany rehetra mahakasika azy. Zavatra anankiroa mirazotra no miara-mitranga amin'izao androntsika izao: **ny fanangonana an'Isiraely avy amin'ny firenena rehetra sy ny fiantsoana ny Ampakarin'i Kristy hivoaka ivelan'izay rehetra rafi-pandaminana.** Raha jerena ny fahatanterahan'ireo faminanianana, dia efa tonga amin'ny tendro avony avokoa ny zavatra rehetra ankehitriny. Ho tonga tsy ho-ela ny fandresena farany, sy ny hanomezam-boninahitra ilay Avo Indrindra. Mampihetsi-po manokana ny mahita ny fomba anomanana ny Ampakarina mialoha ny fampakarana. Aorian'izany, dia hiala amin'ny Jentilisa ny Fanahin'ny

Tompo, fa ny Tompo dia haneho ny Tenany amin'ireo Rahalahiny, ireo Jiosy, (Zak.13).

Mba ahitana tsara an'i Kristy sy ny Fiangonany ao amin'ny Teny faminaniana, dia tsy maintsy manokatra ny bokin'ny faminaniana isika, ny Apokalypsy, izay fanambarana an'i Jesosy-Kristy. Ireo kristiana mahatoky dia tsy mba manitatra ny amin'ny Soratra Masina, fa mahay mamantatra ny Teny rehetra ao amin'ny tena manodidina tokony ipetrahany.

Ireo Filazantsara efatra, amin'ny ankapobeny, dia milaza ny fiainan'i Kristy, nanomboka tamin'ny Fahaterahany, ka hatramin'ny Fiakarany any an-Danitra. Ao amin'ireo epistily no ahitana ny fampianarana rehetra, sy ireo didy ho an'ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao. Tahaka izany koa, ny bokin'ny faminaniana dia maneho amintsika an'i Jesosy-Kristy amin'ny maha-**Zanak'olona** Azy, mamindra eo afovoan'ny fanaovanjiro volamena misampana fito. Izao androntsika izao no nosafidin'ny Tompo nanokafana ny Tenin'ny Faminaniana.

Tombontsoa ho an'i Jaona ny nahitany mialoha ny zavatra rehetra tsy maintsy hitranga hatramin'ny fidiran'ny Fotoana amin'ny Mandrakizay. Tsy maintsy apetratsika amin'ny toerana sahaza azy ny zavatra rehetra, ary amin'ny hazavan'ny Teny Masin'Andriamanitra no handiniansika azy amin'ny fijery mety, rehefa mahita ny fahatanterahan'izy ireo isika.

Firariantsoa tena miavaka no iantombohan'ny bokin'ny Faminaniana: «*Sambatra izay manaiky sy ny mihaino ny tenin'ity faminaniana ity ka mitandrana izay voasoratra ato anatin'ity; fa antomotra ny andro.*». Ny ia farany dia fananarana iray tena matotra, izay tokony hotandremana fatratra: «*Izaho dia manambara amin'izay rehetra mandre ny Tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity: Raha misy manampy ireo, Andriamanitra hanampy ireo loza voasoratra ato anatin'ity boky ity ho azy; ary raha misy manaisotra amin'ny teny amin'ny bokin'ity faminaniana ity, dia hesorin'Andriamanitra ny anjarany amin'ny hazon'aina sy amin'ny tanàna masina, dia izay zavatra voasoratra ato anatin'ity boky ity.*» (Apokalypsy 22:18-19). Fisarahana tanteraka amin'ny Tompo, sy amin'ny Fiainana Mandrakizay no ambaran'ireo teny ireo.

Nandritra ireo taom-Pianganana nifandimby, rehefa namaky io boky farany ao amin'ny Baiboly io ny olona, dia tsy afaka nahafantatra ireo zavatra ireo, satria ny zavamiafin'ny faminaniana dia miery hatramin'ny ahatongavan'ny fotoanan'ny fahatanterahany. Amin'ny alahelo anefa no tsy maintsy ilazana fa nanaovan'ny mpanompon'Andriamanitra, sy ireo olon-kafa, fandikana manokana ny voalazan'ireo Filazantsara, sy ireo epistily, ary ireo faminaniana, raha tokony hionona fotsiny tamin'izay nambaran'ny Fanahy Masina izy ireo.

Tamin'ny Fiavian'i Kristy voalohany, ireo teolojiana, raha tokony ho niandry sy nandinika ny fahatanterahan'ireo faminanian'ny Baiboly fotsiny, dia nanome ny heviny manokana; Ary tsy misy hafa amin'izany indray koa ankehitriny. Tafatoetra tsara ao amin'ny fampianarany sy ireo lalany avy ireo fianganana sy ireo mpanompon'Andriamanitra, ka tsy misy toerana intsony ho an'ny fanambarana ara-panahy. Koa, niteraka fikorontanana betsaka tao amin'ny mpino ireo fanazavana sy fandikana ireo lohahevitra ny Teny Masin'Andriamanitra. Ireny faminanian ao amin'ny Baiboly ireny dia natao ahafantarantsika izay kasain'Andriamanitra hatao, mialoha ny fahatanterahany. Tsy misy toerana na dia kely ho an'ny fanombatombanana izany; Eo amin'ny fahatanterahan'ny tranga no hamantarana azy.

Aoka hotandremantsika izay nolazain'i Petera, teo ambanin'ny tolotsain'ny Fanahy Masina, hoe: *«fa fantatrareo voalohany indrindra fa ny famoahan-kevitra ny faminaniana ao amin'ny Soratra Masina dia tsy efan'ny fisainan'ny olona fotsiny ihany;»* (2 Petera 1:20)

NY FAHITANA TAO PATMO

Raha tao amin'ny nosy Patmo i Jaona, dia voatsindrin'ny Fanahy, ary nasehon'ny Tompo tamin'ny alàlan'ny fanoharana maro ny lafin'ny faminanian'ny Drafy-Pamonjena. Naseho azy ireo taonan'ny Fianganana, sy ireo zavatra rehetra izay tsy maintsy ho avy hatramin'ny fiafaran'ny fotoana. Na ireo lanitra vaovao sy tany vaovao aza dia hitany.

Ary mijoro vavolombelona mihitsy izy, milaza hoe: «*Voatsindrin' ny Fanahy tamin'ny Andron'ny Tompo aho ...*». Misy vitsivitsy milaza fa ny andro Sabata no “*Andron'ny Tompo*“, fa ny sasany kosa milaza fa ny alahady izany. Saingy ireo fandikana anankiroa ireo dia ara-nofa ihany. Tsy mety ho andro 24 ora izany, satria roa taona no naha sesitany an'i Jaona tao amin'ny nosy Patmo.

Soritan'ny Baiboly mazava tsara ny atao hoe “*Andron'ny Tompo*“. Izany dia ny vanimpotoana miantomboka, rehefa tapitra ny *Andron'ny Fahasoavana sy Famonjena*. Manomboka amin'ny fitsarana ireo firenena rehetra izay hivondrona hamely an'i Jerosalema izany. «*He izany vahoaka mireondreona ao amin'ny lohasaha fitsarana! Fa efa antomotra ny andron'i Jehovah ao amin'ny lohasaha fitsarana. Ny masoandro sy ny volana ho tonga maizina, ary ny kintana tsy hamirapiratra, Jehovah mieronana ao Ziona, ary mampikotroka ao Jerosalema, ka hihorohoro ny tany aman-danitra; Fa Jehovah no fialofan'ny olony sy fiarovana mafy ho an'ny Zanak'Isiraely.*» (Joela 4:14-16)

Ireo toko telo voalohan'ny Apokalypsy dia milaza ireo zavatra mihatra amin'ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao. Io vanimpotoana io no fantatra hoe “*Andron'ny Famonjena*“ (2 Kor.6:2). Raha nanomboka tamin'ny fanehoana ny herin'Andriamanitra ho famonjena ny “*Andron'ny Famonjena*“, ary hifarana toy izany koa; dia tahaka izany koa, ny “*Andron'ny Tompo*“ dia hiantomboka ary hifarana amin'ny fanehoana ny herin' Andriamanitra , amin'ny fandreseny ireo Fahavalony.

Hanohy hitombo ny fahasoavana mandrapahatonga ny Ampakarin'i Jesosy Kristy eo amin'ny fahatanterahana, sy hiakarany amim-boninahitra. Enina andro no namoronan' Andriamanitra izao-tontolo-izao, ary nitsahatra Izy tamin'ny andro fahafito (Eks.31:17). Tsy ela dia ho tapitra ireo enina arivo taona, ary hiantomboka ny andro fahafito, ny “*andro'ny Tompo*“. «*Nefa, ry malala, izao zavatra iray loha izao no aoka tsy hohadinoinareo: ny indray andro amin'ny Tompo dia toy ny arivo taona, ary ny arivo taona toy ny indray andro.*» (2 Petera 3:8)

Misy olona mino ary manizingizina fa ireo izay mitsaoka an'Andriamanitra ny alahady dia manana ny mariky ny Bibidia. Tokony hitandrina mafy ny rehetra mba tsy handika vilana ny Soratra Masina, ary tsy hilaza zavatra mahafaty sy maharingana toy izany. Misy ve ho sahy hilaza fa nanana ny mariky ny Bibidia i Kristy, satria niangona niaraka tamin'ireo Mpianany Izy ny andro voalohan'ny herinandro? *«Ary rehefa harivan'ilay andro voalohany amin'ny herinandro, raha voarindrina ny varavaran'izay niangonan'ny mpianatra, noho ny fahatahorany ny Jiosy, dia tonga Jesosy ka nitsangana teo afovoany, dia nanao taminy hoe: Fiadanana ho anareo.»* (Jaona 20:19). Herinandro taorian'izay, raha niangona koa ireo Mpianatra, dia tonga teo indray Izy (Jaona 20:26). Ahoana no ahasahian'ny olona miteny fa nanana ny mariky ny Bibidia ireo kristiana voalohany ireo, noho izy ireo nitsaoka tamin'ny andro alahady? *«Ary tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro, rehefa niangona hamaky mofo izahay, Paoly dia nitori-teny taminay, fa nikasa handeha maraina izy; dia naharitra nitori-teny mandra-paha-mamatonalina izy.»* (Asan'ny Apostoly 20:7). Ny amin'ny fanangonam-bola hanampiana ireo masina kosa, Paoly nananatra mba hanokana izany ny andro voalohany aorian'ny Sabata. *«Amin'ny andro voalohany isan-kerinandro dia samia manokana ao aminy avy ho rakitra na amin'inona na amin'inona no anambinana azy, mba ho vita rahateo ny famoriam-bola mandra-pahatongako.»* (1 Kor. 16:2)

Ireo Jiosy no tsy maintsy mankalaza ny Sabata: *«Dia hotandreman' ny Zanak'Isiraely (fa tsy ny firenena jentilisa) ny Sabata hankatoavany azy hatramin'ny taranany fara mandimby, dia fanekena mandrakizay izany. Ho famantarana amiko sy amin'ny Zanak' Isiraely (fa tsy ny firenena jentilisa) mandrakizay izany...»* (Eksodosy 31:16-17)

Isaky ny nitory tamin'ireo Jiosy i Jesosy, sy ireo Apostoly, dia ny Sabata no nanaovany izany, satria izany no andro fiangonany mba itsaofany. Ireo kristiana, kosa, ny andron'ny fitsanganana tamin'ny maty no najainy, saingy tsy voatery nitandrina andro manokana, toa an'ireo Jiosy izy ireo. Na iza na iza, tena mpianatr'i Jesosy-Kristy, dia efa nahita ny fiadanan'Andriamanitra, ka efa niditra ao amin'ny tena *“fitsaharan'ny Sabata”*. Izany dia tsy voafetra amin'ny andro iray ao amin'ny herinandro, fa izany dia fitsaharana mandrakizay.

Ny tantara milaza amintsika fa ny Pàpa dia namoaka didy, nametra ny andro alahady ho andro tokana fitsaofana, na ho an'ny Jiosy, na ho an'ny Kristiana. Ny kristiana dia efa hatra tamin'ny andron'ny Apostoly, tsy nisy nanery, no niangonany amin'izany andro izany. Fa tamin'ireo Jiosy nanao ahoana ny fiantraika ratsy vokatr'izany didy izany; tsy misy

afaka hisaintsaina izany. Nampangain'ny Fiangonana Katolika Romana ho tompon'andraikitra tamin'ny nahafaty an'i Kristy izy ireo, ka izany no antony namoahany io didy jadona io, hiadivany aminy. Ny vokatr'izany dia ny fahoriany noho ny fanenjehana azy; norahonana izy ireo, nampijaliana ary novonoina. Fa indray andro, Andriamanitry ny Lanitra, izay marina, dia hamaly ireo halozan-kabibiana ireo.

Manana ny fomba fanaony manokana Andriamanitra amin'ny Jiosy, ary manana ny fomba fanaony koa Izy amin'ny Jentilisa. Nomena ny Jiosy ny Sabata ho famantarana ny Fanekena nataony taminy, fa ny Fiangonan'ny Jentilisa kosa mankalaza ny fitsanganan'i Jesosy-Kristy Tompo tamin' ny maty. Tsy mba nihevitra hampitandrina ny Alahady an'ireo Jiosy Izy, toy ny tsy mba noheverany hampitandrina ny Sabata amin'ny Jentilisa.

Misy mihitsy aza olona izay mino fa ny Sabata no Tombokasen'Andriamanitra. Tsy manam-pototra ara-tSoratra Masina izany fiheverana izany. Ny Baiboly dia manazava tsara fa ny atao hoe **Tombokasen' Andriamanitra dia ny Tombokasen'ny Fanahy Masina**. Ireo izay nihaino ireo toritenin-drahalahy *Branham* dia tody amin'ny fahalalana tsara ny atao hoe Tombokasen'Andriamanitra; toy izany koa ny amin'ny hoe mariky ny Bibidia.

Ao amin'ny Testamenta Taloha ny fanaterana ny amboara ahevaheva eo anatrehan'ny Tompo, ny maraina ampitson'ny Sabata (Lev. 23:10-11) dia maneho ny vokatry ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao. Ny andron'ny Pentekosta, izay andro fahadimampolo ihany koa dia ampitson'ny Sabata iray (Lev. 23:15-16). Mandritra ny Fanjakana-arivo-taona, dia miverina ho andro fiankohofana indray ny Sabata (Es. 66:23).

Ireo adihevitra sy fifandirana mikasika ny fihinanana sy fisotroana, ary fitandremana andro iray, dia tsy mahasoana na iza na iza. «*Koa aza avela hisy hitsara anareo ny amin'ny fihinana, na ny fisotro, na ny andro firavoravoana, na ny voaloham-bolana, na ny Sabata; aloky ny zavatra ho avy ireny, fa ny Tenany dia an'i Kristy.*» (Kolosiana 2:16-17)

Raha voatsindrin'ny Fanahy i Jaona, dia tanjona lehibe kokoa noho ny fankalazana andro iray misy 24 ora no kinendr'izany. Nahita ny fizotry ny fotoana rehetra izy, sy ireo zava-dehibe rehetra tsy maintsy hitranga. Io Fanahy Masina be vonihanitra, izay naneho ireny zavatra ireny tamin'i Jaona, no nanambara izany tamintsika tamin'ny alàlan'ny minisiteram-paminaniana.

MBA ASEHO AMIN'IREO MPANOMPONY...

Ny Andriamanitra-Tsitoha tsy mba nanadino nanome torolàlana mazava ho an'ny Vahoakany; nalefany ireo Iraka, ireo mpanompony sy mpaminaniny, nitondra teny manokana ho an'ny vanim-potoana niainan'ireo avy. Amin'ny fotoana zina, raha mitady hanadino ny Tompo ireo Vahoakany, ka tsy mandeha araky ny Làlany, dia mandefa hafatra mampitandrina azy Andriamanitra mba tsy ho tonga aminy ny fitsarana. «*Ary naniraka mpaminany tany aminy Izy hampiverina azy amin'i Jehovah; dia nananatra azy mafy ireo, nefa tsy nety nihaino izy... ka nanao taminy hoe: Iza no lazain'Andriamanitra: Nahoana ianareo no mandika ny didin'i Jehovah ka tsy mahita fanambinana? Satria efa nahafoy an'i Jehovah ianareo, dia nahafoy anareo kosa Izy.*» (2 Tantara 24:19-20). Iza indray, dia mihantona eo ambonin'ny lohantsika ireo fitsaran'Andriamanitra. Inona àry ny hafatra, raha mbola tsy tonga amintsika izany ?

Tiako ny hampifantoka anareo amin'ny bokin'ny faminaniana, ny Fanambarana an'i Jesosy-Kristy; ao ny Tompo mampanantena fa «... *hasehony amin'ny mpanompony izay zavatra tsy maintsy ho tonga faingana*». Nalefa ireny hafatra ara-paminaniana ireny mba hanitsy ny vahoaka, ka hamerina azy amin'Andriamanitra. Miankina amin'ny fanajanao sy ny lanja omenao ny Tenin'ny Tompo ny fahombiazana na ny tsifahombiazan'ny fiananao ara-panahy. Ny Fanahy Masina ao

anatinao, dia hampiteny anao mandrakariva, hoe: “*Eny sy Amena*” amin’ny Tenin’ny fampanantenana.

Ny teny “*mpanompony*” dia manondro, voalohany, ireo iraka izay eo amin’ny tònana ankavanan’ny Tompo, ary izy ireo no nomena handray ny fanambarana ara-paminanian’ny Teny avy amin’ny Fanahy Masina, mandritra ireo taom-Piangonana fito.

Ny nandefasan’ny Tompo ny Anjely tamin’i Jaona dia maneho ny lanjan’ny votoatin’ ny boky farany ao amin’ny Baiboly. «... *ary naniraka ny anjely Izy hanambara amin'i Jaona mpanompony*,». Manana ny Anjely Andriamanitra any an-danitra, ary manana ireo Iraka Izy ambonin’ny tany mba hanambara ny zavatra tsy maintsy hitranga.

Ireo singan’ny Vatan’i Kristy dia tsy afaka ho ilay mpanompon’Andriamanitra izay ihavian’ny Tenin’ny Tompo avokoa, ary antsoina feon’Andriamanitra ny minisiterany. Saingy, **tsy maintsy mandre ny feon’ny Teniny avokoa izy rehetra**. Araka ny Safidiny manokana no hakany olona iray asainy mijoro vavolombelona amin’izay hitany sy renesiny. Iza no voalaza ny amin’i Jaona; «*Izy nanambara ny Tenin'Andriamanitra sy ny filazana an'i Jesosy Kristy, dia ny zavatra rehetra izay efa hitany*.» (Apokalypsy 1:2). Toy ireo mpaminany fahiny, dia nahazo fahitana izy, ary nandray fanambarana ny Tenin’Andriamanitra. Misy fahasamiamana lehibe amin’ireto tranga roa ireto: ny manana fahalalana ny Teny izay novozina, sy ny mahazo ny fanambaran’i Jesosy-Kristy, izay tsy azo raha tsy avy amin’ny Fanahy Masina. Amin’ity farany ity ihany, vao lasa Fanahy sy Fiainana ho antsika ny Teny.

Misy fahasamiamana lehibe amin’ny olona iray izay miteny mikasika an’i Kristy, sy Kristy izay miteny amin’ny alàlan’ny mpaminany iray, izay manana ny “Iza no lazain’ny Tompo”. Miteny i Paoly, ilay apostoly lehibe, hoe: «*Fa izaho tsy nandray azy tamin'olona, ary tsy mba nampianarina aho, fa tamin'ny fanambaran'i Jesosy Kristy ihany*.» (Galatiana 1:12)

ILAY FEO TOY NY ANJOMARA

Fahiny, isaky ny nisy tranga manokana, na nisy zava-mahagaga hiseho, dia tsofina ny anjomara mba anangonana ny vahoaka, na ho firavoravoana izany na ho fampitam-baovao. Fony nidina teo amin'ny tendrombohitra Sinay ny Tompo-Andriamanitra mba ihaona tamin'i Mosesy, mpaminaniny izay notendreny handray ny Teniny ho an'ny vahoakan'Isiraely, dia toy izao no voasoratra: «*Ary ny tendrombohitra Sinay nivoa-tsetroka avokoa, satria Jehovah nidina teo amboniny tao anaty afo; dia niakatra ny setroka tahaka ny setroky ny lafaoro lehibe, ary nihorohoro mafy ny tendrombohitra Sinay rehetra. Ary rehefa notsofina ny anjomara ka nidradradradra, dia niteny Mosesy, ary Andriamanitra namaly feo azy.*» (Eksodosy 19:19)

Naneno ny anjomaran'Andriamanitra tamin'ny andron'i Josoa, rehefa nandray ireo trompetra fito ireo mpisorona, ary nandeha teo alohan'ny fiaran'ny fanekena izay nitehirizana ny Tenin'Andriamanitra (Josoa 6).

Maneno ny anjomaran'Andriamanitra isaky ny hiteny Izy. Eo ny feon'ny anjomara mba hanaitra ny Vahoakan'Andriamanitra, ka hihainoany ny Feony, ary hahazoany mandresy.

Naneno toy izany indray ny anjomara, tamin'izao taranatsika izao. Milaza amintsika ny Soratra Masina fa amin'ny andron'ny feon'ny anjely fahafito, rehefa hitsoka izy, dia ho tanteraka ny zavamiafin'Andriamanitra, araka ny voalazany tamin'ireo mpaminany Mpanompony (Apok. 10:7)

Inona ny zavamiafin'Andriamanitra? Ahoana no hahenoantsika ny feon'izay lazain'ny anjely fahafito? –Efa haintsika fa ny anjely dia iraka iray, izay mitondra hafatra iray avy amin'Andriamanitra ho an'ny vahoaka. Mandritra ny fanenon'ny feon'ny anjely fahafito dia hotanteraka ny zavamiafin'Andriamanitra, toy ny nambara tamin'ireo mpaminany Mpanompony.

Aoka tsarovintsika tsara fa ny teny “*mpaminany*” dia misy dikany anankiroa. Ao amin'ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao dia misy apostoly, mpaminany, mpampianatra, sns... Fa isaky ny misy zavatra

manan-danja hitranga eo amin'izao-tontolo-izao, dia maniraka mpaminany lehibe iray Andriamanitra, hanambara izany.

Tao amin'ny fiangonan'i Antiokia dia nisy mpaminany sy mpampianatra maromaro (Asa 13.1). *«Ary tamin'izany andro izany dia nisy mpaminany sasany avy tany Jerosalema nankany Antiokia. Ary nitsangana ny anankiray tamin'ireny, izay atao hoe Agabo, fa voatsindrin'ny Fanahy izy ka nilaza fa hisy mosary be eran'ny tany rehetra. Ary dia tonga izany tamin'ny andron'i Klaodio.»* (Asa 11:28).

Ny mpaminany iray toy izany dia afaka milaza mialoha zavatra hitranga eo amin'ny tontolo, na amin'olona iray manokana. Naminany nikasika an'i Paoly koa Agabo izay zavatra hitranga aminy (Asa 21:11). Araka ny 1 Kor.14:29, mpaminany roa na telo no miteny, fa ny sisa mamantatra.

Rehefa misy mpaminany iray lehibe, mpahita, dia izy no mpitondra ny Tenin'ilay Andriamanitra-Tsitoha. Amin'ny alalan'ny fanambarana avy amin'Andriamanitra no anehoany ny Teny, sy amoahany ireo faminiana zavatra hitranga ao amin'ny Drafî-Panavotana. Tsy maintsy mihaino sy mino ny mpaminany toy izany isika, fa tsy mitsara azy. Tsy nisy afa-tsy tokana i Enoka, tokana i Abrahama, tokana i Mosesy, tokana i Noa, tokana i Jaona mpanao batisa, ary tokana i Paoly, tamin'ny androny avy. Tsy nisy nahazo nitsara ireny mpaminany ireny, satria izy ireny nanana ny “Izao no lazain'ny Tompo”.

Tao amin'ny Fiangonana voalohany dia nisy apostoly, mpaminany, mpampianatra, sns... Saingy i Paoly, izay mpaminany-iraka, no nomena ny anjara asa famelabelarana ny zavatra tamin'ny Fiangonana. Hoy izy, ao amin'ny 1 Korintiana 14:37, hoe: *«Raha misy manao azy ho mpaminany, na ho manana fahaizam-panahy, dia aoka ho fantany tsara fa didin'ny Tompo ny teny izay soratako ho aminareo.»*

Na iza na iza, tena voantson'Andriamanitra marina ho amin'ny iray amin'ireo minisitara dimy voalazan'ny Efesiana 4:11 ireo, dia hanaiky ny Tenin'ny Tompo tsy misy kilema izay entin'ny iraka alefan'Andriamanitra izy.

Nandritra ny taom-Piangonana tsirairay amin'izy fito, dia nisy hatrany lehilahy maromaro izay nalaza teo amin'ny vahoaka; ary tena nampiasain'Andriamanitra tamin'ny minisitera samihafa tokoa izy ireny, saingy tao amin'ny taom-Piangonana tsirairay Andriamanitra dia nifidy izay nampitondrainy ny hafatra ho an'ny vanimpotoana.

Toy izany koa amin'izao taranatsika izao, maro ireo evanjelisitra malaza sy mahay miteny, saingy iza àry ilay iraka izay nahatongavan'ny Tenin'ny Tompo ankehitriny?

NY ZANAK'OLONA

Jesosy-Kristy no **Zanakalahin'Andriamanitra**, **Zanak'olona**, ary **Zanak'i Davida**. Ny tsirairay amin'ireo fiantsoana Azy ireo dia maneho Azy amin'ireo Asany samihafa, ary tsy mety ampifanakalozana ireo. Raha ny amin'ny Teny-faminaniana, dia aseho toy ny **Zanak'olona** Izy. Araka izany no tsy ahitantsika Azy toy ny Zanakalahin'Andriamanitra, na Zanak'i Davida, fa tena Zanak'olona izay mamindra eo afovoan'ny fanaovan-jiro volamena fito (Apok. 1:13).

Ireo mpanoratra ny Filazantsara efatra dia saika niresaka Azy amin'ny maha Zanak'olona Azy avokoa, satria nandritra ny Fiaviany voalohany dia tanteraka ireo faminanian'ny Baiboly. Nandritra ny Asa fanompoany teto an-tany dia naneho ny Tenany ho Zanak'olona ny Tompo Jesosy. Izy no fahatanterahan'ny Deotoronomia 18, izay notsiahivin'i Petera tato aoriana: «*Fa Mosesy nilaza hoe: Mpaminany no hatsangan'i Jehovah Andriamanitra ho anareo avy amin'ny rahalahinareo, tahaka ahy; izy no hohenoinareo amin'izay rehetra holazainy aminareo. Ary izay rehetra tsy hihaino izany mpaminany izany dia haringana tsy ho eo amin'ny olona (Deo. 18. 15, 19).*» (Asan'ny Apostoly 3:22-23)

Mosesy sy Elia ho an'ny Testamenta Taloha, Petera, Jakoba ary Jaona ho an'ny Testamenta Vaovao, dia niara-nahita an'i Jesosy-Kristy Tompo niova endrika teo anatrehany: «*...ka ny tavany namirapiratra tahaka ny masoandro, ary ny fitafiany tonga fotsy tahaka ny mazava... Raha mbola niteny izy, indro, nisy rahona mazava nanarona azy ireo; ary, injao, nisy feo avy tao amin'ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako*

malalako Izay sitrako; Izy no henoy. Nony nandre izany ny mpianatra, dia lavo niankohoka sady natahotra indrindra.» (Matio 17)

Jaona ihany koa dia nanambara ny fihetsiny rehefa nahita Azy izy: «*Ary raha nahita Azy aho, dia lavo niankohoka tahaka ny maty teo anoloan'ny tongony. Fa Izy nanendry ahy tamin'ny tàmany ankavanana ka nanao hoe: Aza matahotra; Izaho no Voalohany sy Farany, dia Ilay velona; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-tsihita.*» (Apokalypsy 1:17-18)

Raha isika nanaiky Azy ho **Zanakalahin'Andriamanitra**, sy ho **Mpamonjy** antsika, tsy tokony koa ve isika hiankohoka eo an-Tongony, hanaja Azy, rehefa manonona ny Teniny amin'ny fahefan'ny **Zanak'olona** Izy, ilay **Mpaminany-Andriamanitra**?

Ao amin'ny Apokalypsy toko faha-2 sy faha-3, dia mandefa ireo anjely-iraka an'Azy Jesosy-Kristy. Ireto teny tsy miova ireto no vakintsika ho famaranana ny hafatra rehetra: «*Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny Fiangonana*»;

«*izay rehetra tsy hihaino izany mpaminany izany dia haringana...*» Ao amin'ny Teniny, Andriamanitra dia misaina izay teneniny, ary miankina amin'izany ny hoavintsika mandrakizay. Na efa natao ho amin'ny fiainana aza ny fanahintsika, dia mety mbola hamery izany isika, raha tsy mitandrina ny fandraisana anjara amin'ny sakafo ara-panahy, ny Teny voambara izay ahavitantsika mihaina ara-panahy. «*... tsy hamono ny anarany eo amin'ny bokin'ny fiainana tokoa Aho...*» (Apokalypsy 3:5). Aoka ho tsapantsika tsara ny lanjan'izany filazana izany! Tsy tenina mpanompon'Andriamanitra, na tenin'olon-kafa izany, fa tena ny an'i Jesosy-Kristy mihitsy, ilay **Zanak'olona**, ilay **Mpaminany-Andriamanitra**, manonona ny Teniny izay Fanahy sy Fiainana. Izay fanahy tsy mihaino ny tenin'io mpaminany io dia tandindonin-doza lehibe.

Isaky ny miditra an-tsehatra ny iray amin'ireo iraka-kintana ireo, tsy mba mitady ny hahasoa ny tenany manokana izy. Tsy nisy tamin'izy ireo mba niteny ny amin'ny tombontsoany manokana. Tsia, kintana teo amin'ny tanan-kavanana'ny Tompo izy ireo, mampimiratra ny Hazavan'i

Jesosy-Kristy. Tena mpitondra marina ny Feon'Andriamanitra-Tsitoha izy ireo

Io teny «*Izy no henoy*» io dia misy dikany mihoatra ny mety ho fantarintsika. Anivon'ireo feo samihafa rehetra ara-pivavahana manerana izao-tontolo-izao ankehitriny, dia io iray io no tena Feon'Andriamanitra marina. Tonga izao ny fotoana izay tsy maintsy hihainoantsika ny feo izay maneno toy ny feon'anjomara. Raha tena ilay voan'Andriamanitra tokoa isika, tsy maintsy mandray ny Teny voambara voalohany.

Petera, izay teo amin'ny tendrombohitry ny Fiovantarehy, dia notsindrin'ny Fanahy Masina mba hampita ny fanambarana avy amin'Andriamanitra: «... *Izy no hohenoinareo...*» (Asa 3:22).

Iray ihany ny «*Zanak'olona*», iray ihany ny «*Mpaminany*». Ireo iraka alefany no atao hoe mpanompo sy mpaminany. Izy ny *Mpisoronabe*, ny *Mpanjaka*, fa isika no mpanjaka sy mpisorona. Izy ny *Zanakalahin'Andriamanitra*, fa isika no zanakalahy sy zanakavavy an'Andriamanitra.

Ny fisehon'i Jesosy-Kristy toy ny «*Zanak'olona*» ao amin'ny faminiana dia manoro antsika fa mitohy mandritra ny fotoanan'ny Testamenta Vaovao manontolo ny Minisiterany.

Ireo epistily, manomboka amin'ny Romana ary miafara amin'ny Joda, dia manoritra Azy toy ny «*Zanakalahin'Andriamanitra*». Na indray mandeha aza, tsy nampiasaina ny teny «*Zanak'olona*» na ny teny «*Zanakalahin'i Davida*». Tsy fifandrian-javatra izany, satria ao, tsy faminiana no tena resahiny. Ny tanjon'izy ireo voalohany dia ny hampitoetra ny fampianarana sy ny didy ao amin'ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao, ary hampiseho an'i Jesosy-Kristy amin'ny maha «*Zanakalahin'Andriamanitra*» Azy, izay maneho ny Heriny mamonjy sy manasitrana nanomboka tamin'ny andro Pentekosta.

Ho an'ny Jiosy, Jesosy dia ny «*Zanakalahin'i Davida*». Fony niditra tao Jerosalema Izy, ny andron'ny Sampandrofia, vahoaka maro be no nihira mafy hoe: «*Hosana ho an'ny Zanak'i Davida! Isaorana anie Izay avy amin'ny anaran'i Jehovah! Hosana any amin'ny avo indrindra.*» (Matio

21:9). Ny ankizy, tao amin'ny tempoly dia faly koa nihiaka hoe: «*Hosana ho an'ny Zanak'i Davida!*» (Matio 21:15)

Amin'ny maha «*Zanakalahin'i Davida*» Azy, dia toy ny Mpanjaka, hipetraka eo amin'ny Sezafiandrianany Izy, hifehy ny firenena rehetra, mandritra ny Fanjakana-arivo-taona. Amin'ny maha-*Zanakalahin' Andriamanitra* Azy, dia Izy no Mpamonjy, amin'ny maha-*Zanak'olona* Azy, dia Izy ilay Mpaminany, ary amin'ny maha-*Zanak'i Davida* Azy, dia Izy no Mpanjaka. Tsy mba mety ampifamadihana ireo fiantsoana telo ireo. Ny fiantsoana tsirairay, *Zanakalahin'Andriamanitra*, *Zanak'olona*, *Zanak'i Davida*, dia milaza fisehoana miavaka tsara an'ireo Toe-pahatanterahany sy ireo Asany. Tsy misy Soratra azo ovana, ary toy izany, tsy mety asolo fiantsoana hafa koa ny fiantsoana iray na Olona iray ihany aza no resahina. Ny anarana tsirairay, ny fiantsoana tsirairay omena Azy, dia manana dikany manokana mifandraika amin'ny lohahevitra dinihina, ary tsy maintsy apetraka ao amin'ny manodidina azy.

Betsaka no voalaza mikasika an'i Jesosy-Kristy, *Zanakalahin'Andriamanitra*, saingy tena vitsy ireo olona mba mihevitra handalina ny Teny faminiana, ary mamantatra an'i Jesosy-Kristy amin'ny maha-*Zanak'olona* Azy. Vanim-potoana fahatanterahana faminiana no iainantsika izao, izay nahitana an'i Kristy niseho toy ny *Zanak'olona*, araka ireo teny fikasan'ny Teny ho an'ny androntsika izao. Amin'ny fiakaran'ny fizaram-potoanan'ny Fahasoavana, dia tsy maintsy tanteraka ny *fanambarana* ny *Zanak'olona*, sy ny *famantarana* ny *Zanak'olona*, ary farany ny *fiavian'ny Zanak'olona*.

Ao amin'ny Matio 24, ny Tompo Jesosy dia miresaka ireo zavatra tsy maintsy hitranga mialoha ny Fiaviany faharoa. Noresahina imbetsaka ireo famantarana ny andro farany: ady sy filazana ady, horohoron-tany, fanangonana ireo Jiosy, sns... Miteny amintsika ny Baiboly, Matio 24:3, fa nametraka fanontaniana telo miavaka tsara tamin'i Jesosy Tompo ireo mpianatra: «*Lazao aminay –izay andro hahatongavan'izany? sy –izay ho famantarana ny fihavianao? ary –ny fahataperan'izao tontolo izao?*» Vao avy niteny taminy ny Tompo fa tsy hisy vato hifanongoa ho tavela amin'io tempoly io. Tsy ela taorian'izany dia tanteraka ny valin'ny fanontaniana voalohany, raha nanafika an'i Jerosalema i Titosy,

ka nambabo azy. Noravana ny tanàna, nopotehina ny tempoly, ary naparitaka ireo Jiosy.

Ny fanontaniana faharoa no tena mahakasika antsika: «*izay ho famantarana ny Fihavianao?*» Tsy nanontany ny amin'ireo famantarana maro izay noresahin'i Jesosy fa hialoha ny Fiverenany ireo mpianatra, fa famantarana tokana no nanontaniany: «*izay ho famantarana ny Fihavianao?*»

Marihonareo izany, azafady. Ny «*Famantarana ny Fiaviany*» no resahina. Koa, tsy maintsy mifandray amin'ny Fiaviany izany. Ny famantarana no omena dia ny hampianatra sy ny hitarika. Raha te-ho vonona amin'ny Fiaviany àry isika, dia tsy maintsy fantarintsika ny famantarana izay manondro ny Fiaviany. Ireo Jiosy, dia ny famantarana ny *Zanak'olona* no ho hitany (Mat.24:30), rehefa handeha hidina eo amin'ny tendrombohitra Oliva Izy (Zak. 14).

Ny Tenin'Andriamanitra milaza fa rehefa nakarina niala teo amin'ny Mpianany Izy, dia nisy rahona naka Azy, ka tsy hitan'izy ireo intsony Izy (Asa 1:9), ary ho toy izany ihany ny Fiverenany (Asa 1:11). Io rahona mahagaga io dia mampatsiahy antsika ireo fitsidihana samihafa nataon'ilay Andriamanitra-Tsitoha tao amin'ny Testamenta Taloha, sy izay niainan'ireo apostoly teo amin'ny Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy.

Inona àry no dikan'ny fisehon'ny Tompo tao amin'ny rahona tamin-drahalahy *Branham*, ny 28 Febroary 1963, nialoha ny nanambarana ireo zavamiafina nofonosin'ireo Tombokase fito? Mety io ve ilay *Famantarana ny Fiaviany*, natao mba hanaitra ireo Olony? Ankehitriny, dia ny fotoana iantsoana antsika hivoaka hitsena Azy, sy hiomanantsika, satria antomotra ny Fiavian'ny Tompo. Izay olona milaza fa efa niverina Kristy, na koa amin'ny fomba hafa noho ny voalazan'ny Soratra Masina ny hiverenany, dia nohajambaina niala ny Fahamarinana, ka mamitana.

Ny famantarana iray dia maneho, na mitondra dikany ilaintsika amin'ny fahalalan-javatra, na manome torolalana antsika. Tsy maintsy arahina feo ara-tSoratra Masina iray ny famantarana ara-tSoratra Masina iray. Ireo izay mahafantatra ny famantarana àry dia mihaino ny feo.

Rehefa avy niseho teo amin'ny rahona mahagaga iray ny famantarana ny Zanak'olona, dia nampandre ny Feony ny Tompo: Nosokafana ireo Tombokase, ary voambara ireo zavamiafina izay nisarona. Araka izany, mialoha ny hampakarana am-boninahitra ny Vadin'i Kristy, dia misy famantarana iray nomena azy eto an-tany, amin'ny alalan'ny ministeram-paminaniana iray. Tsy azo lavina ireny trangan-javatra ireny. Ao amin'izao taranaka farany izao, ireo olom-boafidy dia voataona hifantoka amin'ny zavatra izay ataon'ny Tompo.

Ao amin'ny Lioka 17, dia mampitaha amin'ny andron'i Noa, sy ny an'i Lota Jesosy-Kristy; hoy Izy hoe: «*Dia ho tahaka izany koa amin'ny andro hisehoan'ny Zanak'olona.*» Tamin'ireo fotoana roa ireo, ny Tenin'ny Tompo dia nambara tamin'ny mpaminany iray. Talohan'ny safodrano, nilazana ny zavatra ho avy i Noa. Talohan'ny nandravana ny tanàn'i Sodoma sy Gomora, niresaka tamin'i Abrahama ny Tompo. Mpaminany lehibe izy roalahy ireo. Tamin'izany fotoana izany Abrahama no nahazo fanamafisana ny teny fikasana ny amin'ny ahazoany zanakalahy, dia Isaka izany, ary Saraha nofantarin'ny Tompo ny niafina tao am-pony.

Io minisiteran'ny famantarana io ihany no niverina indray, rehefa nambaran'ny Tompo ny zavamiafin'ny fo an'i Natanaela, sy Petera, ary ilay vehivavy teo am-pantsakana, sy ny hafa koa. Tamin'izao taranatsika izao, mbola io minisitera io ihany no niseho, tsy nisy valaka. Ireo izay mahalala ny minisiteram-paminanian-drahalahy *Brahnam* dia mahay ny fahamasinan'ny rivotra tao amin'ny efitra fivoriana isaky ny miasa io fanomezam-pahasoavan'ny famantarana io. N'aiza n'aiza nanerana ny tany izy, dia afaka nilaza tamin'ny olona ny aretiny, sy ny olana aminy, ny toerana niaviany, sns... Nisy fahanginana masina nilatsaka teo amin'ny mpivory, satria, tsy nisy fisalasalana, fa teo ny fanatrehan'ny Tompo.

Lioka 17:30 dia miresaka ny andro izay hisehon'ny Zanak'olona. Ny andininy faha-34 dia mitantara amintsika ny fomba hampakarana ireo izay ho vonona hihaona Aminy: «*Lazaiko aminareo fa amin'izany alina izany hisy roa lahy miray fandriana; ny anankiray horaisina, ary ny anankiray havela. Hisy roa vavy miara-mitoto vary; ny anankiray horaisina, ary ny anankiray havela.*». Tsy isalasalana fa miteny

mikasika ny fampakarana io andalana io. Aoka hazava tsara amintsika! Tsy tonga ny fampakarana raha tsy efa ho nisy aloha ny famantarana sy ny fanambaran'ny Zanak'olona.

Ao amin'ny Lioka 18:8, manontany Jesosy-Kristy, hoe: «*Kanefa, raha avy ny Zanak'olona (fa tsy ny Zanak'Andriamanitra na ny Zanak'i Davida), moa hahita finoana ety ambonin'ny tany va Izy?*». Raha tsy mahafantatra ny *Famantarana ny Fiaviany* isika, ary tsy mandre ny *Feon'ny Zanak'olona* ao amin'ny Teny faminaniana, ahoana àry no hahavonona antsika amin'ny andro tena hiaviany? Ny Fiangonan'ny Andriamanitra velonadia tsy maintsy manilika ny fombafomba rehetra nampidirin'ny olombelona, manatanteraka ireo faminaniana ao amin'ny Baiboly, ary mahita an'i Jesosy-Kristy, ny *Zanak'olona*, ao amin'ny Fiangonany. Mihazona ireo kintana fito amin'ny Tanan-kavanany Izy, mandroso sady miteny eo afovoan'ireo fanaovanjiro volamena fito.

Ny kristiana rehetra dia mandray ny Tompo Jesosy-Kristy amin'ny maha Zanakalahin' Andriamanitra Azy, saingy tsy misy afa-tsy ireo voafidy no manaraka Azy ao amin'ny ministeram-paminanian'ny *Zanak'olona*. Tsy misy na tokana aza amin'ireo hafa mahafantatra ny Sitrapony. Mbola tahaka ny tamin'ny Fiaviany voalohany ihany ankehitriny. «*Tonga tany amin'ny Azy Izy, fa ny Azy tsy nandray Azy.*». Amin'ny fiafaran'ny taonan'i Laodikia, taom-Piangonana farany, hoy Izy hoe: «*Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny Feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafy aminy, ary izy amiko.*». Ny fepetra izany, dia ny **mandre Azy izay mandondòna**, sy ny **mamoha Aminy ny varavarana**, ary ny **mandray Azy**. Amin'izay ihany Izy vao hiditra, ary hiara-misakafy amintsika, satria mbola mamaky ny mofon'Aina Izy izao, ary ny fontsika mangorakoraka rehefa miteny Izy. Ny mpino no andefasany io hafatra io, fa tsy ireo mpanota. Ivelan'ny Fiangonana Izy, mangataka ny hovohana Aminy ny varavarana, ary havela hiditra Izy.

Oh, tsy azo lavina, fa maro ireo hetsika ara-pivavahana, ary maro no voateny mikasika Azy, ao amin'ireo fihirana sy ireo toriteny. Saingy ny marina, dia ivelan'ny Fiangonana Izy, nolavina sy tsy fantatry ny maroanisa Izy, satria miseho amin'ny maha **Zanak'olona** Azy Izy, ilay

Mpaminany, miezaka manatanteraka ny Teny nampanantenainy. Efa nolazana isika hoe: «*Izy no henoy!*». **Mihainoa, ry mponina rehetry ny tany, fa miteny ny Tompo:** «*Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny Fiangonana.*»

Ireo izay nanombo ny Tompo teo amin'ny hazofijaliana dia ireo izay mpivavaka indrindra teto an-tany, ary ireo no nanana ny teny fikasana sy ny faneken'Andriamanitra. Nihevitra angamba izy ireo fa tena akaiky ny Tompo sy ny Teniny.

Ankehitriny dia voahombo indray Jesosy-Kristy, ary ireo izay mihambo ho mino Azy sy ny fanekena nampanantenainy ihany, kanefa tsy mahafantatra tsara ny Minisiterany amin'ny maha-Zanak'olona Azy, no mandatsa Azy. Saingy, ny Tompo niteny izao fampiononana izao: «*Ireo Ondriko mahalala ny Feoko...*»

Nivoaka an'i Egypta Isiraely, araka ny teny fikasana azony tamin'Andriamanitra. Kanjo, noho izy ireo tsy nankatò ny feon'Andriamanitra, sady tsy nitandrina izay nolazainy, dia tsy navela niditra ny tanin'ny teny fikasana izy ireo. «*Avy tany an-danitra no nampandrenesany anao ny feony hananarany anao; ary teo ambonin'ny tany no nanehoany anao ny afony lehibe; ary ny teniny efa renao avy tao afovoan'ny afo... Koa aoka ho fantatrao anio, ka tsarovy ao amponao, fa Jehovah no Andriamanitra any amin'ny lanitra ambony sy ety amin'ny tany ambany, ka tsy misy afa-tsy Izy.*» (Deutoronomia 4:36,39)

Ho antsika kosa, dia teny fampitandremana ny ao amin'ny Hebreo 12:25: «*Tandremo mba tsy holavinareo Izay miteny. Fa raha izy ireo tsy afa-nandositra tamin'ny nandavany ilay nilaza ny tenin'Andriamanitra taminy tety ambonin'ny tany, mainka fa isika, raha mihodina miala amin' ilay avy any an-danitra.*»

Tsy voalaza anatin'io andalana io ny amin'ireo izay mandà Azy ho Ilay mamonjy sy manasitrana, fa ireo izay mandà ny mihaino Azy, Izy **Ilay miteny, ilay Mpaminany, ny Zanak'olona**. Raha miteny ny Tompo-Andriamanitra, kanefa tsy mihaino ny Feony ny Vahoakany, dia zavatra tena ratsy izany. «*Anio, raha hihaino ny feony ianareo, Aza manamafy ny fonareo tahaka ny tamin'ny fahasorana.*»

Tsy maintsy mandre ny “*Feony*“ isika izao, amin’ny andro iainantsika izao, satria izao no “*anionsika*“.

NY ZAVAMIAFIN’I KRISTY SY NY FIANGONANY

Nanolotra ny Tenany Jesosy-Kristy mba ho sorona tanteraka indray mandeha, ho an’ny fahotan’ny zanak’olombelona izay lavo. Ny fandresena lehibe indrindra tao amin’ny vanimpotoana rehetra dia ny Azy, rehefa nentiny ho babo ny fahababoana, ka notapahany ny rojo rehetry ny fonja, hanafahana ireo izay navotany. Rehefa izany, dia niakatra any an-Danitra Izy, ary niverina tamin’ny endrika Fanahy Masina, mba honina ao anatin’ireo Azy, ka hiseho eo anivony, mandritra ireo taom-Piangonana rehetra, mandra-piverenany indray ho an’ny Ampakariny izay tsy hisy pentina, sady hitafy ny akanjon’ny Fahamarinany.

Sary tsara loatra milaza an’i Kristy sy ny Fiangonany ao amin’ny Faminaniana no voasoritra ho antsika ao amin’ny bokin’ny Apokalypsy. Nahita Azy nandeha teo afovoan’ireo fitoeranjiro fito i Jaona, toy ny *Zanak’olona*.

«Dia nitodika aho nizaha ilay feo niteny tamiko. Koa rehefa nitodika aho, dia nahita fanaovan-jiro volamena fito, ary teo afovoan'ny fanaovan-jiro dia nisy Anankiray tahaka ny Zanak'olona niakanjo akanjo lava hatrany an-tongony sady nisikina fisikinam-bolamena teo amin'ny tratrany. Ary ny lohany sy ny volony dia fotsy tahaka ny volon'ondry fotsy, dia tahaka ny oram-panala, ary ny masonry tahaka ny lelafo; ary ny tongony tahaka ny varahina manganohano, hoatra ilay voadio teo amin'ny fandrendrehana iny; ary ny feony toy ny firohondrohon'ny rano be. Ary nitana kintana fito teny an-tànany ankavanana Izy; ary nisy sabatra maranitra roa lela nivoaka avy teo am-bavany; ary ny tarehiny dia tahaka ny masoandro mampirapiratra amin'ny heriny. Ary raha nahita Azy aho, dia lavo niankohoka tahaka ny maty teo anoloan'ny tongony. Fa Izy nanendry ahy tamin'ny tànany ankavanana ka nanao hoe: Aza matahotra; Izaho no Voalohany sy Farany dia Ilay velona; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-

tsi-hita. Koa soraty izay zavatra efa hitanao, na izay zavatra ankehitriny, na izay zavatra mbola ho avy rahatrizay, dia ny zavamiaina ny amin'ny kintana fito izay efa hitanao teny an-tanako ankavanana sy ny fanaovan-jiro volamena fito. Ny kintana fito dia ny anjelin'ny fiangonana fito: ary ny fanaovan-jiro fito dia fiangonana fito.» (Apok. 1:12-20)

Ao amin'io sary faminaniana io, ny Tompo Jesosy-Kristy dia aseho ao amin'ny endrim-boninahiny, mamindra sy miteny afovoan'ny Fiangonany. Ny fehikibo volamena eo amin'ny Tratrany dia maneho Azy toy ny Mpitsara. «*Fa tonga ny andro hiantombohan'ny fitsarana hatrao amin'ny ankohonan'Andriamanitra...*» (1 Petera 4:17)

Jaona tsy nahita Azy toy ny Zanakalahin'Andriamanitra, manavotra ireo very sy manasitrana ireo marary; tsy nahita Azy mametraka ireo minisitara samihafa ao amin'ny Fiangonany koa izy. Tsy mba niresaka fanomezam-pahasovana, apostoly roambinifolo, mpianatra fitopolo i Jaona, fa izy kosa nahita ny Tompo Jesosy-Kristy toy ny *Zanak'olona*, mihazona ireo kintana fito eo an-Tanany ankavanana. Ny Teniny dia «*velona sy mahery ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo.*» (Hebreo 4:12). «*Izay avy amin'Andriamanitra dia mihaino ny tenin'Andriamanitra; izany no tsy ihainoanareo, satria tsy mba avy amin'Andriamanitra ianareo.*» (Jaona 8:47). «*Izay manda Ahy ka tsy mandray ny Teniko, dia manana izay mitsara azy: ny teny izay nolazaiko, izany ihany no hitsara azy amin'ny andro farany,*» (Jaona 12:48)

Miseho amin'ireo Fiangonana fito ny Tompo Jesosy-Kristy toy ilay “*Ampy amin-java-drehetra*”, «*Alfa sy Omega, Ilay ankehitriny sy taloha ary ho avy, dia ny Tsitoha.*» (Apokalypsy 1:8). Izany no Fanambarana Azy farany amin'ny Fiangonany. Izy dia efa naseho tao amin'ireo Toetram-pahatanterahany samihafa sy ireo Endriny izay mifandraika amin'ny Drafy-panavotana. Fa eto, dia ny maha Andriamanitra feno Azy no aseho.

Tao amin'ny Testamenta Taloha sahady, dia efa noresahina ny fanaovanjiro, izay maneho ny Fiangonana. Zakaria mpaminany dia nahita ny fanaovanjiro, ka nanambara hoe: «... *Hitako fa, indro, misy fanaovan-jiro tena volamena, ary ny fitoeran-diloilony dia eo antampony, ary ny lela fanaovan-jirony fito kosa dia eo aminy, ary misy fantsona fito avy amin'ny isan'ny lela fanaovan-jiro izay eo antampony;*» (Zakaria 4:2). Ny diloilo ao amin'ny fitoeran-diloilo dia entin'ireo fantsona fito mankao amin'ireo fanilo fito. Ilay Andriamanitra iray ihany, ilay Fanahy Masina iray ihany, no nidina nandritra ireo taona fiton'ny Fiangonana, nanome ny fanambarana marina tamin'ny Fiangonana velona.

Raha tany an-tendrombohitra ny mpaminany Mosesy, dia nasehon'ilay Andriamanitra-Tsitoha azy ny modelin'ny Tabernakely, ary nomeny azy tamin'ny antsipirihany ny torolalana hanamboarana izany (Hebr. 8:5). Natao ho fonenan'ny Andriamanitra ny Isiraely io Tabernakely io, isaky ny mampitoetra ny Fiombonany amin'ny vahoakan'ny fanekena Izy, ary ao Izy no mandray ireo fitsaofany sy ireo fanatitra izay ateriny eo amin'ny alitara.

Nizara roa ny Tabernakely, dia ny “fitoerana masina indrindra“, sy ny “fitoerana masina“ izay nisy ny fanaovanjiro nisampana fito, sy ny latabatr'ireo mofo aseho (Heb. 9:2). Nahazo ny torolalana nanamboarana izany i Mosesy: «*Ary manaova ny fanaovan-jiro volamena tsara; voasana no hanaovanao ny fanaovan-jiro, hatao indray mivofy ihany ny faladiany sy ny tahony sy ny vodi-voniny sy ny kiboriny ary ny voniny.*» (Eksodosy 25:31). Miresaka amintsika ny fifelan'ny Fiangonana izany. Vongam-bolamena tokana no nanaovana ny fanaovan-jiro manontolo. Tsy nisy metaly nampiana na nesorina taminy. Sary tsara loatra an'ny Vadin'ny Tompo Jesosy-Kristy izany! Miray Aminy Izy, sady miray toe-tena Aminy, voadion'ny Ràny, nateraka indray, ary nataon'ny Fanahiny tombokase.

Ny fanaovanjiro misy tahony fito dia tsy nitondra labozy, toy ny fanao amintsika ankehitriny. Fa izy dia nitondra fanilo feno diloilo, izay narehitra sy namboarin'ny mpisorona isan'andro mba hirehitra tsy ankiato (Eks. 27:20-21). Nanazava ny fitoerana masina izany ho an'ny olona tonga mandray anjara amin'ny latabaty ny Tompo. Tsy ireo

fanilo ireo no fahazavana, fa ireo no maneho sy mampita ny fahazavana izay raisiny avy amin'ilay fitoeran-diloilo. Ireo fanilo fito eo amin'ny fanaovanjiro ireo no maneho ny Fiangonan'ny Tompo Kristy-Jesosy mandritra ireo taom-Piangonana fito.

Mifanatrika amin'ny fanaovanjiro no itoeran'ny latabaty ny mofo aseho, izay ametrahana ireo mofo-tsy-misy-masirasira (Lev. 24:5-6). Ho an'ny mpino rehetra izany dia sary ara-paminaniana an'i Kristy, ilay Mofon'Aina. Ireo mpisorona no mihinana ireo mofo ireo, fa isika kosa, amin'ny maha-fanjakam-pisoron'ny Testamenta Vaovao antsika, dia tsy maintsy manana anjara amin'ny Tompo Jesosy-Kristy, ilay Teny velona, satria hoy Izy, hoe: *«Izaho no mofon'Aina; izay manatona Ahy tsy mba ho noana, ary izay mino Ahy tsy mba hangetaheta intsony.»* (Jaona 6:35)

Napetraka teo anoloan'ny efitra-lamba ny alitara fandorana ditin-kazo manitra, ary nodorana teo amboniny ny didin-kazo manitra isa-maraina sy isan-kariva, mandritra ny nanamboarana sy nandrehetana ireo fanilo. Indray mandeha isan-taona ny Mpisoronabe no manao fanavotana, amin'ny ràn'ny biby-sorona, eo amin'ny alitara (Eks. 30:6-10).

Mety hanontany ianao hoe: “Inona moa no ifandraisan'izany amintsika?” Dia, izao no voalaza amintsika, hoe: *«ary mandehana amin'ny fitiavana, toy ny nitiavan'i Kristy anareo, dia ny nanolorany ny Tenany ho fanatitra sy ho fanavotana amin'Andriamanitra, ho hanitra ankasitrahana, hamonjy antsika.»* (Efesiana 5:2). Isika, amin'ny maha-mpinon'ny Testamenta Vaovao antsika, dia manatitra ireo vavakantsika ho hanitra ankasitrahana eo anoloan'Andriamanitra-Tsitoha. *«Aoka hankeo anatrehanao mandrakariva toy ny ditin-kazo manitra ny fivavako, Ary ho toy ny fanatitra hariva ny fanandratako ny tanako.»* (Salamo 141:2). *«Fa hanitr'i Kristy ho an'Andriamanitra izahay...»* (2 Kor. 2:15)

Ny Apokalypsy 8:3 dia miresaka mikasika ny alitara fandorana ditin-kazo manitra: *«Ary nisy anjely anankiray koa tonga ka nitsangana teo amin'ny alitara ary nitondra lovia volamena fandroana ditin-kazo manitra; ary nomena ditin-kazo manitra betsaka izy, hanaterany azy mbamin'ny vavaky ny olona masina rehetra eo ambonin'ny alitara*

volamena fandoroana ditin-kazo manitra, izay eo anoloan'ny seza fiandrianana.». Tsy ny vavak'ireo mihambo ho mino no voalaza eto, fa ny vavak'ireo masina, ireo izay nohamasinin'ny Teny sy ny Fanahin'ny fahamarinana. «*Ary rehefa nandray ny boky Izy, ny zava-manana-aina efatra sy ny loholona efatra amby roapolo dia niankohoka teo anatrehan'ny Zanak'ondry, sady samy nanana lokanga sy lovia volamena feno ditin-kazo manitra izy, dia vavaka ataon'ny olona masina izany.*» (Apok. 5:8). Ny vavaka rehetra an'ireo izay manaiky ny Teny nampanantenaina ao amin'ny fanekena nataon'Andriamanitra dia miakatra mankany amin'ny Sezafiandrianan'ny Tsitoha, toy ny hanitra ankasitrahana. Ny vavak'ireo izay tena mino marina ny hafatra nentin'ny iraka-kintana, ilay anjelin'ny tany ho an'izao taom-Piangonana izao, dia hakarin'ireo anjelin'ny lanitra eo amin'ny Sezafiandrianan' Andriamanitra. Ny Teny voambara tao amin' ny taom-Piangonana tsirairay, sy ireo vavak'ireo Masiny izay nandray io Teny io, dia miverina any amin'ny Sezafiandrianana. «*Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin'izay ampandehanako azy.*» (Isaia 55:11)

«... *Miditra mandrakariva eo amin'ny tabernakely voalohany ny mpisorona hanefa ny fanompoam-pivavahana.*» (Hebreo 9:6). Fa, nialoha ny nahafahany nanompo teo anoloan' ny Tompo, dia tsy maintsy natokana sy namasinina izy ireo, satria masina avokoa ny siny sy ny zavatra rehetra, noho izy ireo efa nohosorana sy namasinina ho amin'ny fanompoana ny Tompo: «*Ary hamasino ireo mba ho masina indrindra; ary ho masina izay rehetra manendry azy.*» (Eksodosy 30:29)

Araka izany, dia naroso teo amin'ny trano-lay fihaonana ireo mpisorona mba «...*anasa ny tongony aman-tànany izy, mba tsy hahafaty azy...*» (Eks. 30:21). Rehefa izany, dia tsy maintsy notaiana akanjo masina natao manokana ho azy, araka ny torolalana marina efa nomen'ny Tompo. Dia izay vao nohosorana izy ireo.

Sary tsara manao ahoana rê izany ho an'ny Vadin'ny Tompo Jesosy-Kristy! Novidin'ny Ràny Masina Izy, dia nohamasininy sy nidioviny tamin'ny ranon'ny Teniny, «*mba horaisiny ho an'ny tenany izany ho*

Fiangonana malaza tsy misy pentimpentina, na fiketronana, na izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy misy tsiny izy.» (Efesiana 5:27). Afaka hiteny io Fiangonana io hoe: «*Hifaly dia hifaly amin'i Jehovah aho, ny fanahiko ho ravoravo amin' Andriamanitro; fa notafiany fitafiana famonjena aho, ary nakanjoiny akanjo fahamarinana, toy ny mpampakatra misatroka hamama tahaka ny mpisorona, ary toy ny ampakarina miravaka ny firàvany.»* (Isaia 61:10). Voahosotra Izy, ary vita tombokasen'ny Fanahy Masina (2 Kor. 1:22). Ny Fiangonan'i Jesosy-Kristy dia «... *taranaka voafidy, fanjaka-mpisorona, firenena masina...*» (1 Petera 2:9). «*Ho an'izay tia antsika ka namaha antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny Ràny, sady efa nanao antsika ho fanjakana, dia mpisorona ho an'Andriamanitra Ray, ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena!*» (Apok.1:6)

Ny efitra-lamba no nanasaraka ny fitoerana masina indrindra tamin'ny fitoerana masina. «*Ary ao anatin'ny efitra lamba faharoa no nisy ny tabernakely izay atao hoe "ny fitoerana masina indrindra," izay nisy lovia volamena fandroana ditin-kazo manitra sy ny fiaran'ny fanekena, izay voapetaka takela-bolamena avokoa; ary tao anatin'io nisy ny vilany volamena, izay nitoeran'ny mana, sy ny tehin'i Arona izay nitsimoka, ary ny vato fisaky ny fanekena; ary teo ambonin'io koa ny kerobima nisy ny voninahitra, izay nanaloka ny rakotra fanaovam-panavotana...*» (Hebreo 9:3-5).

Rehefa maty teo Kalvaria i Jesosy-Kristy, ilay Zanak'ondry tanteraka natao sorona, dia nanonitra ny fahotantsika ny Ràny. Isaky ny nanolotra ireo biby natao sorona ny mpisoronabe, **tsy mba rovitra nizara roa ny efitra-lamba**, fa rehefa ny Zanakalahin' Andriamanitra kosa nanolotra ny Ainy noho ny fahotan'ny vahoaka, dia «... *indro, ny efitra lamba tao amin'ny tempoly dia triatra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany...*» (Matio 27:51). Tamin'izay no nisokatra ny lalana mankao hatrany amin'ny Sezafiandrianana, ao amin'ny fitoerana masina indrindra.

Vita hatreo ny Lalàna, ny Fahasoavana no nasolo azy. Ny fitriaran'ny lamba-efitra, nizara roa hatra ambony ka hatra ambany, dia naneho fa

Andriamanitra mihitsy no nandrovitra ilay lamba-efitra izay nanasaraka ny fiangonana tamin'ny Fanatrehana masina ny Tsitoha.

Tsy afaka niditra nihoatra ny efitra-lamba ny mpitsaoka tao amin'ny Testamenta taloha ka tsy ho faty, fa ankehitriny kosa isika dia mijanona ho maty ao amin'ny fahotantsika sy ny helontsika, raha tsy hankao amin'ny fitoerana masina indrindra, manaraka ny Mpisoronabentsika masina indrindra, ilay Mpanjaka izay nanafoana ny herin'ny fahavalo, ary koa, nametraka ny Ràny ihany teo amin'ny rakotra fanavotana. Tsy araka ny fanaon'i Arona ny maha Mpisoronabentsika an'i Kristy, fa araka ny fanaon'i Melkisedeka, Mpanjakan'i Salema, Mpanjakan'ny fiadanana, Tompon'ny voninahitra (Hebreo 7). Izy no Mpisoronaben'ny finoantsika, izay mahay miara-mitondra ny fahalementsika (Hebreo 4:15)

Ny fitoerana masina indrindra dia mira refy ny lavany sy ny sakany, ary ny haàvony; ary izany dia mitory fahatanterahana amintsika. Io dia tahaka izay lazainy amintsika mikasika an'i Jerosalema vaovao, ilay ho fonenan'ny Vadin'i Kristy. «... *Avia ety, dia hasehoko anao ny ampakarina, vadin'ny Zanak'ondry. Ary nitondra ahy tamin'ny Fanahy ho any an-tendrombohitra sady lehibe no avo izy ka naneho ahy ny tanàna masina, dia Jerosalema, midina avy tamin'Andriamanitra any an-danitra... Ary ny tanàna dia efa-joro, ka mitovy ny lavany sy ny sakany... Mitovy ny lavany sy ny sakany ary ny hahavony.*» (Apokalypsy 21:9-10,16). Akory ny hatsaran'ny fonenana izay nomanin'ny Mpampakatra ho an'ny Vadiny! Raha teto an-tany tao amin'ny Fitoerana Masina indrindra no nidirany, dia hiaraka honina mandrakizay Aminy Izy ao amin'i Jerosalema Vaovao.

Ny fiaran'ny fanekena sy ny rakotra fanavotana dia tao amin'ny fitoerana masina indrindra. Ireo kerobima anankiroa dia nitodika tamin'ny rakotra-fanavotana. Vongam-bolamena iray tamin'ny rakotra-fanavotana ihany no nanaovana azy ireo (Eks. 37:1-9). Notehirizina tao amin'ny fiaran'ny fanekena ny Teny. Ny Tompo dia nijery ny Teniny izay teo anoloany mandrakariva, ary notandremany mba ho tanteraka (Jer. 1:12). Nanao fanekena Andriamanitra tao amin'ny Testamenta Taloha, ary nanao koa Izy ato amin'ny Vaovao. «*Ary hoy Izy taminy: Ity*

no rako amin'ny fanekena, izay alatsaka hamonjy ny maro.» (Marka 14:24)

Nisy ihany koa tao amin'ny fiaran'ny fanekena siny volamena iray nasiana ny mana, ary nidika izany fa izay misy ny Teny, dia ao koa ny hanina vao ho an'ny fotoany. Tao amin'ny taom-Piangonana tsirairay, ireo mpandresy dia nihinana ny mana niafina, izay ny Teny voambara. Ny mana izay noraisin'ny zanak'Isiraely isan'andro dia lò ny ampitso, fa ilay mana voatahiry tao amin'ny fiaran'ny fanekena, teo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra dia tsy mba simba. Araka izany, isika tsy mahazo maka ny sisan-kanin'ny taom-Piangonana iray ka mampiditra izany ao amin'ny taom-Piangonana manaraka. Misy Teny nampanantenaina ho an'ny taom-Piangonana tsirairay, ary ny hanina vao dia tonga avy any Ambony amin'ireo izay manatanteraka ny Fisoronana Masina ao amin'i Kristy. Notehirizina tao amin'ny fiaran'ny fanekena koa ny tehin'i Arona izay nitsimoka. Andriamanitra mihitsy no nanendry an'i Mosesy sy ireo zanany ho mpisorona, ary nijoroany vavolombelona tamin'ny fomba mahagaga izany, nampamoniany sy nampitondrany voa ny tehina iray efa maina, tao anatin'ny alina iray monja. Toy izany koa, efa notendrena ho fisoronana hamony sy hitondra ny voan'ny Fanahy Masina ny Fiangonan'ny Andriamanitra velona. Nalain'ny Tompo ireo taolana efa maina, dia nanamboarany vatana iray velona, mitafy ireo toetram-pahatanterahan'i Jesosy Kristy.

Tao amin'ny Testamenta Taloha, n'aiza n'aiza nampitoerana ny fiaran'ny fanekena dia voatahy betsaka ny olona tany. «*Ary Davida sy ny taranak'i Isiraely rehetra nampakatra ny fiaran'i Jehovah tamin'ny hoby sy ny feon'ny anjomara.*» (2 Samoela 6:15)

Ato amin'ny Testamenta Vaovao, Jaona dia nahita ny fiaran'ny fanekena. «*Ary novohana ny tempolin'Andriamanitra any an-danitra, ka hita ny fiaran'ny fanekeny teo anatin'ny tempoliny; ary nisy helatra sy feo sy kotrokorana sy horohorontany ary havandra vaventy.*» (Apok. 11:19). Misy firavoravoana lehibe ao amin'ny vondron'ireo voavotra, rehefa niverina tamin'ireo Azy ny Tenin'ny faneken'ny Andriamanitra-Tsitoha, amin'izao andro farany izao.

Rehefa vita araka ny Teny avokoa ny zavatra rehetra, dia nidina tao amin'ny trano-lay fihaonana ny rahona, ary nameno ny tabernakely ny Voninahitry ny Tompo; Izy no nitarika ireo zanak'Isiraely tamin'ny diany nankao amin'ny tany nampanantenaina. Toy izany koa no ataon'ny Tompo amin'ny Vadiny, amin'ireo izay mankatò ny Teniny, mandra-pidirany ireo vavahady perla an'ny Tanana Masina.

Ny fanaovanjiro misampana fito dia maneho ny Fiangonan'ny Andriamanitra Velona ao amin'ny Faminaniana, satria Izy no fonenan'ny Avo-Indrindra. Ireo fanilo fito dia miteny amintsika ny fahazavana entin'ny Teny nampanantenain'Andriamanitra ao amin'ireo taona fito an'ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao. Ny latabatra misy ireo mofo aseho dia faminaniana an-tsary an'i Kristy, ilay Mofon'Aina.

Ny alitaran'ny didin-kazo manitra dia maneho fa, ao amin'ny faminaniana, ireo mpandresy, ireo izay nandray ny Teny voambara ho an'ny androny, dia mitondra ireo vavakany eo anoloan'ny Sezafiandrianan'Andriamanitra, ary mihanaka toy ny hanitra ankasitrahana izany eo amin'ny Fanatrehany masina. Ireo masina tamin'ny taom-Piangonana rehetra dia naharesy noho ny Ran'ny Zanak'ondry sy ny Teny vavolombelony, ary ny tsy nankamamiany ny ainy intsony, na dia ho faty aza izy. (Apok. 12:11)

Ny fanilo voalohany no maneho ny taom-Piangonana voalohany; afy avy tao amin'ny alitara no nampirehetan'Andriamanitra —Izy tenany— io fanilo io, ny andro Pentekosta. Ny fanilon'ny taom-Piangonana nanaraka, tsirairay avy, dia nahazo ny hazavany tamin'ny fanilo nialoha azy izay nampita taminy io afon'Andriamanitra io, ary nampahazava ny Teny nampanantenainany rehetra. Isaky ny vanimpotoana dia nisy hatrany olona nandray ny hazavan'ny androny, ary nisy koa ireo izay nandà izany.

Ny hafatra iray avy amin'Andriamanitra dia tsy maintsy mamerina antsika amin'ny Teny, ary ny Fanahy Masina no mitarika antsika amin'ny fibebahana. Raha tsy mibebaka isika, ary manaiky hofehезin'ny Tenin'Andriamanitra, dia hesorin'ny Tompo amin'ny fitoerany ny fanaovanjiro, ka havelany ho ao amin'ny aizina ara-panahy isika (Apok. 2:5). Tsy hitohy hanazava ny fiangonana ny Hazavana raha

mbola tsy mirehitra ny fanilo. Izay manohitra ny Hazavana dia hajambainy, fa ireo izay mandeha ao amin'ny Hazavana kosa dia «... *tahaka Azy eo amin'ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny Ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra.*» (1 Jaona 1:7). «*Raha hoy isika: Manana firaisana aminy isika, kanefa mandeha amin'ny maizina, dia mandainga isika ka tsy manao ny marina.*» (1 Jaona 1:6). Ny atao hoe manaraka an'i Kristy dia ny manaraka Azy ao amin'ny fanambarana izay Izy ihany no nanome izany. Hoy Izy, hoe: «*Izaho no fahazavan'izao tontolo izao; izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin'ny maizina, fa hanana ny fahazavan'aina.*» (Jaona 8:12)

Izao no voalazan'ny Soratra Masina mikasika ireo rehetra izay nahita ny fahatanterahan'ny faminanian'ny Fiavin'i Kristy voalohany: «*Ny olona izay mandeha amin'ny maizina dia mahita mazava lehibe; Izay mitoetra amin'ny tany aloky ny fahafatesana no iposahan'ny mazava.*» (Isaia 9:1). Ary amintsika miaina amin'ny fotoanan'ny Fiaviany faharoa kosa, dia izao no lazain'i Paoly, hoe: «*Fa ianareo, ry rahalahy, tsy ao amin'ny maizina, mba hahatratra anareo toy ny mpangalatra izany andro izany.*»

(1 Tesaloniana 5:4)

Tamin'ny andron'i Mosesy, Egipta manontolo dia tao anaty aizina lalina, saingy ireo zanak'Isiraely dia nanana ny hazavana tao amin'ireo fonenany (Eks. 10:23). Nahazo ny Teny nampanantenaina ho an'ny androny izy ireo, ary nanaiky an'i Mosesy, ilay mpaminany nirahin'Andriamanitra. Noho izany izy ireo dia tafiditra nandray anjara tamin'izay nataon'Andriamanitra tamin'izany fotoana izany. Mbola izany ihany no miverina indray ankehitriny. Indro, manarona ny tany ireo aizina, ary ny fahamaizinana manarona ireo vahoaka, araka ny teny fikasana ho an'izao ora izao.

«*Ary hitako fa, indro, teo afovoan'ny seza fiandrianana sy ny zavamanan'aina efitra ary teo afovoan'ny loholona dia nisy Zanak'ondry nitsangana tahaka ny efa voavono, nanan-tandroka fito sy maso fito, dia ny Fanahy fiton'Andriamanitra nirahina hankany amin'ny tany rehetra.*» (Apokalypsy 5:6)

Hitantsika eto ny Zanak'ondry amin'ireo Fanahy fito, ireo maso fito, izay miteny amin'ireo anjely-iraka fito, izay nomena hahazo ny Teny nampanantenaina ho an'ny taom-Piangonany, izany dia amin'ny alalan'ny fanambarana. Ny minisiteran'ny faminiana dia azo ampitahaina amin'ny maso ho an'ny vatana izay voamboatra amin'ny singa maro. «*Fa Jehovah efa nampidina fanahy mahasondrian-tory ao aminareo, ary efa nakimpiny ny masonareo (dia ny mpaminany izany), ary efa nosaronany ny lohanareo (dia ny mpahita izany). Ary ny fahitana ny amin'izany rehetra izany raha aminareo dia tahaka ny teny amin'ny taratasy voaisy tombo-kase, izay atolotra olona mahavaky teny ka atao hoe: Masina ianao, vakio ity; Fa hoy izy: Tsy azoko vakina, fa efa voaisy tombo-kase izy;*» (Isaia 29:10-11)

Izany ka fitenenana mazava. Raha tsy afaka mahita ireo mason'ny Vatan'i Kristy, dia ny Vatany manontolo no ho rakotry ny aizina. Saingy, isaorana anie Andriamanitra, fa nomeny fahitana mazava tsara isika tamin'ny alalan'ny Teny voambara.

Maro ireo nihezaka namaky ny boky farany ao amin'ny Baiboly, saingy tsy afaka nahafantatra ny votoatiny, satria vita tombokase izany. Ankehitriny anefa, dia nampahafantariny antsika ireo zavatra izay niafina tamintsika, noho ny fiahian'ilay Andriamanitra-Tsitoha. Sitraky ny Tompo ny namoaka ireo zavamiafina nafenina nandritry ny fotoana rehetra, tamin'ny alalan'ny minisiteran'ilay mpaminany nirahin'Andriamanitra, tamin'izao taom-Piangonana farany izao. Mbola miafina amin'ireo hendry sy marani-tsaina izany, saingy nambara tamin'ireo ankizy, ireo izay vonona hianatra.

Raha te-hahazo fijerena amin'ny ankapobeny an'i *Kristy sy ny Fiangonany ao amin'ny Faminiana* isika, dia tsy maintsy mandinika ny Soratra Masina amin'ny fitohizany. Tsy maintsy jerentsika ny fifampidiran'ny lohahevitra iray amin'ny iray hafa, mandra-pivelatra manontolo ny Drafipanavotana eo imasontsika.

Ireo mpisoron'ny Testamenta Taloha dia nanaiky ireo didy, ary nankatò izany. Fantatr'izy ireo fa ny làlana nahatanterahana ny fampiononampahatezerana, ny famelana ny fahotany, dia ny fanavotana. Ary ny

fankatoavana ny didy no nanehoany ny fahatokiany amin'Andriamanitra.

Ireo fanjakam-pisoron'ny Testamenta Vaovao koa dia maneho ny fahatokiany sy ny fankatoavany an'Andriamanitra amin'ny fanarahany ireo didin'ny Testamenta Vaovao. Voavidin'ny Ràn'ny Zanak'ondry isika. Ireo fahotantsika dia voavela. Tao amin'ny Testamenta Taloha, nankalaza ny Paska ny vahoaka voafidin'Andriamanitra, ary ato amin'ny Testamenta Vaovao, ho fahatsiarovana ny nahafatesan'i Kristy mandra-piveriny indray dia miara-mandray ny Fanasan'ny Tompo isika.

Tao amin'ny Testamenta Taloha, natao batisa tamin'i Mosesy izy ireo tao amin'ny rahona sy ny ranomasina (1 Kor. 10:2). Ato amin'ny Testamenta Vaovao, atao batisa anaty rano, amin'ny *Anaran'i Jesosy-Kristy-Tompo* ny mpino, rehefa avy nibebaka ireo fahotany (Asa 2:38).

Tao amin'ny Testamenta Taloha, tsy maintsy nanasa ny tàmny sy ny tongony ireo mpisorona vao niditra tao amin'ny fitoerana masina. Ato amin'ny Testamenta Vaovao, Jesosy-Kristy mihitsy no nanasa ny tongotr'ireo Mpianany, ary niteny taminy, hoe: «*Koa raha Izaho, Tompo sy Mpampianatra aza, no nanasa ny tongotrareo, ianareo kosa mba tokony hifanasa tongotra. Fianarana no nomeko anareo, mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo.*» (Jaona 13:5-17)

Nanao akanjo manokana ireo mpisorona, taloha, ary toy izany koa, ny Ampakarin'i Kristy dia tafiana akanjon'ny fampakaram-bady.«*Ary nasaina nitafy rongony fotsy madinika sady madio no mangatsakatsaka izy; fa izany rongony fotsy madinika izany dia ny asa marina ataon'ny olona masina.*» (Apokalypsy 19:8). Ny fahamarinantsika dia tsy avy tamintsika. Izy no nanadio antsika, ary Izy no nampitafy antsika; Izy no nanosotra antsika. Ny Vadin'i Kristy dia voahosotry ny Fanahiny masina. «*Ao aminy koa ianareo, rehefa renareo ny Tenin'ny fahamarinana, dia ny Filazantsara famonjena anareo, eny, ao aminy koa ianareo, rehefa nino, no nasiana tombo-kase tamin'ny Fanahy Masina araka ny Teny fikasana.*» (Efesiana 1:13)

Hatrany hatrany, ilay Fanahy Masina nampanantenaina dia manaraka ny Teny nampanantenaina, ary manao tombokase ao amin'ny Vatan'i Kristy ireo izay mino io Teny io. Fahasamiamafana lehibe no misy

amin'ny olona iray voahosotra sy ny olona iray vita tombokase. Maro ireo olona voahosotry ny Fanahy Masina, ary mahavita zavatra lehibe, saingy hiteny aminy ny Tompo, hoe: «*Tsy fantatro akory ianareo izay ela izay.*» Izany no hisy, dia satria izy ireo tsy ho nandray ny Tenin'ny fahamarinana, ny Tenin'ny teny fikasana, koa tsy mety hatao tombokasen'ny Fanahin'ny Fahamarinana izy ireo. Eken'ireny olona ireny ny fitahin'ny Fanahy Masina, fa laviny kosa ny Teny ambaran'io Fanahy Masina io ihany.

Maro ireo miresaka fanompoana manokana, ary ataony ohatra ny zava-bitany. Saingy, tonga ny fotoana izay tsy maintsy isedran'ny Teny ny zavatra rehetra. Ny kristiana mahatoky iray dia tsy hionona amin'ny anaovana tatitra fivoriam-pifohazana aminy, fa izy te-handre ny Tenin' Andriamanitra, mba hidiran'izany lalina ao am-pony, ka hampamoa vokatry ny Fanahy ao aminy izany. Misy faniriana lalina, ao amin'ny fanahiny ao, ka te-ahafantatra ireo zavamisy miainga avy any amin'ny Tompo izy.

Maro ireo mitory ny Fiaviana faharoa an'i Kristy, kanjo nohajambaina izy ireny toy ny nahazo ireo Jiosy tamin'ny Fiaviany voalohany. Tena manaitra ny fisahalan'izany. Raha efa madiva hitodika indray amin'ireo Jiosy Andriamanitra, mba hitahy azy ireo indray, ary mizotra amin'ny fiafarany ny fizaram-potoana natokana an'ny Jentilisa, ireo kristiana dia mitsipaka ny Tompon'ny voninahitra, ka manombo Azy indray. Tsy isalasalana fa miresaka Azy izy ireo toy ny Mpamonjy sy Mpanasitrana azy, ny Zanak'Andriamanitra, na ny Zanak'i Davida, saingy laviny Izy ao amin'ny Miniteram-paminaniana maha-*Zanak'olona* Azy, izay mamindra sy mamandre ny Feony eo afovoan'ireo fanaovanjiro volamena fito. Kanefa, Andriamanitra dia nitahiry sisa kely ana mpino izay mahafantatra ny Teny nampanantenaina ho an'ny androny. Izy ireo dia mahita an'i *Kristy sy ny Fiangonany ao amin'ny Faminaniana*.

Andriamanitra anie hanome ny tsirairay ny dikan'ny fanaovanjiro volamena misy sampany fito, mirehitra, amin'ny anehoany io Fiangonana iray misy vanim-potoana fito io, ary ho afaka ny tsirairay hamantatra ireo iraka toy ireo kintana fito eo an-tanan-kavanoan'ny Tompo. Izany dia ilay voninahitry ny Tompo, ilay Andry-afao ihany, izay

teo amin'ny zanak' Isiraely, ary ankehitriny manidintsidina eo ambonin'ny Fiangonana.

IREO TAOM-PIANGONANA

Tamin'ny fotoana nahitan'i Jaona an'i *Kristy sy ny Fiangonany ao amin'ny Faminaniana*, dia nisy fiangonana tamin'ny toerana maro, izay nandefasan'i Paoly ireo epistiliny. Kanefa, ireo Fiangonana fito tany Azia no nofidin'ny Fanahy Masina, noho ny toetrany manokana, izay naneho ireo taom-Piangonana izay ho avy. Tsy nisy voatonana ireo Fiangonan'ny Jiosy, na ny an'i Jerosalema aza; satria ireo hafatra dia nanana dikany ara-paminaniana izay nifandraika tanteraka tamin'ny fizaram-potoan'ny Jentilisa.

Milaza amintsika ny Baiboly, rehefa hita mamindra eo afovoan'ny Fiangonany Jesosy-Kristy, fa eny an-Tànany ankavanana ireo kintana fito. Izy no Andriamanitra avo indrindra, asandratra sy tiavin'ireo Azy; ary rehefa mandefa ireo Iraka-kintany Izy, iretsy farany dia miteny toy ny manana fahefana. Eo an-tànan-kavanoan'ny Mpampianany izy ireo, ary eo ambanin'ny Fahefany tanteraka. Tsy eo an-tànan'anaram-piangonana izy ireo; manohitra ny fivavahana voalamina izy ireo.

Na efa notondroin'ireo mpandinika tantara malaza aza ireo vanim-potoana samihafa, dia tsy maintsy niandry ny minisitera ara-paminanian'i *William Branham* vao fantatra ireo anjely-iraka, dia ireo kintana fito teo an-tanana ankavanoan'ny Tompo, izay nitondra ny hafatra tamin'ny taom-Piangonana tsirairay.

Tao anatin'ny Fiangonana dia vondrona anankiroa no niresahan'ny Tompo: ny iray ara-nofy, ny faharoa ara-panahy. Sady nilaza Izy fankasitrahana, no nilaza fanakianana. Mitodika amin'ny anjely isaky ny taom-Piangonana ireo hafatra alefany, ary amin'ny iray amin'ireo Fanonona Azy amin'ny maha-Andriamanitra Azy no ilazany ny Tenany.

Araka ny tantara sy ny fanambaran'Andriamanitra, dia toy izao ireo taonan'ny Fiangonana sy ireo iraka:

NY FIANGONAN'I EFESOSY

«Izao no lazain'ily mihazona ny kintana fito eny an-Tànany ankavanana sady mandeha eo afovoan'ny fanaovan-jiro volamena fito...» (Apokalypsy 2:1-7). Ny teny *Efesaosy* dia midika *mamela mivoaka, mamaha*. Manakiana ity taom-Piangonana voalohany ity ny Tompo noho izy nandao ny fitiavany voalohany. Nanomboka niala tamin'ny traikefan'ny Pentekosta voalohany ireo mpino, ka izany dia namela ny fanahy Nikolaita nitsofoka an-tsokosoko tao amin'ny Fiangonana. Ny olona dia nanomboka nanangana klerjy, izay nitady hihambo ho mpifehy ireo laika. Etsy ankilany, nankasitrahan'ny Tompo kosa ireo voafidy tamin'io taom-Piangonana io noho izy ireo nankahala ny asan'ireo Nikolaita izay nikatsaka ny hahazo toerana ao amin'ny Fiangonana mba hanjakazakany. Ireo mpino izay nitoetra tamin'ny fampianarana voalohany dia afaka namantatra mora foana ireo apostoly sandoka, satria ny fampianaran'izy ireo tsy nifanaraka tamin'ny fototry ny Baiboly

Mbola ampiharina ankehitriny izany. Izay rehetra fampianarana tsy mifanaraka tanteraka amin'ny fampianaran'ireo apostoly sy mpaminany dia diso.

Azon'i Paoly antoka loatra ny naha-tsy-mety-diso ny fampianarany, ka nahazoany tolotsaina nanozonany izay rehetra ho sahy hitory filazantsara hafa (Galat. 1). Ny Tenin' Andriamanitra notononina tany amboalohany no Fahamarinana, ka izay rehetra fandikana Azy dia fahadisoana sy laingan'ny devoly. Tamin'ny voalohany dia ny Teny, izay Voa nindohana. Kanjo tonga tao amin'ny saha Edena ny fahavalo, dia nanontany an'i Eva an-kafetsena, ary nanomboka izy nanolana araka ny nitiavany azy ny dikan'ny Teny Masin' Andriamanitra. Ary io fandrika nandavo an'i Eva io ihany no nahavao ireo Nikolaita.

Fahasamihafana lehibe no misy amin'ny *mitory* ny Teny-Voa sy ny *manao fandikana* Azy. Ny voalohany mitondra ny Fiainana ara-panahy, ny faharoa mitondra ny fahafatesana ara-panahy. Tsy hatrany hatrany dia mandà ny Tenin'Andriamanitra ny fahavalo. Na i Jesosy aza natoniny niaraka tamin'ny Teny. Fa Satana ratsy fampiasa ny

Tenin'Andriamanitra: *adikany vilana* Izany, sady *apetrany* amin'ny *tsy* tokony ipetrahanany.

Manao toa an'i Jesosy ireo mpandresy: mitoetra ao amin'ny Teny voalohany izy ireo, ary ny teny vavolombelony no nandreseny ny fahavalo. Ny teny fikasana azon'ireo mpandresy tamin'ny taom-Piangonana voalohany, dia ny handraisan'izy ireo anjara amin'ny Hazon'Aina, izay eo afovoan'ny Paradisan'Andriamanitra.

Ny nihainoan'i Eva ny fandikana nataon'ny menarana no nahalasa azy sy Adama voaroaka niala ny Paradisa, ary nanasarahana azy ireo tamin'ny Hazon'Aina. Saingy, noho i Kristy, ireo mpandresy dia tafaverina ao amin'ny Hazon'Aina, sy ao amin'ny Paradisan'Andriamanitra.

«Izay manan-tsofina aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny Fiangonana».

Naharitra hatramin'ny taona 170 ny taom-Piangonan'i Efesaosy.

Ary, araka ny fanambaran'Andriamanitra, dia ny apostoly Paoly no iraka-kintana teo an-tanan-kavanan'ny Tompo tamin'io Taom-Piangonana io.

NY FIANGONAN'I SMYRNA

«Izao no lazain'ny Voalohany sy ny Farany, Izay efa maty, nefa velona indray...» Ny teny *Smyrna* dia mampisaina *fangidiana*. Io teny io dia avy amin'ny teny *miora*, izay ditin-kazo-manitra fampiasa amin'ny faty. Maty ara-panahy ireo izay nino ny fandikana, dia ny asan'ny Nikolaita, izay avy tamin'ny fahavalo.

Tamin'ny andron'io Fiangonana io, dia nanangana asa fisoronana iray izy ireo nifehezana ireo laïka; napetraka izany na dia voalaza aza fa ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao manontolo no Fisoronana Masina. Ireo anaram-piangonana rehetra dia natao araka ny modelin'ny fivavahana voalamina voalohany, ary ny fanahin'izany ihany no manetsika ny rehetra. Ny fiavahan'ny endrika ivelany dia tsy mampiova izany toe-javatra izany. Araka ny Tenin'Andriamanitra, ny fivavahana

voalamina voalohany no reniny, ary zanany avokoa ireo nanaraka azy (Apok.17).

Tsy mba nandefitra tamin'ireo fampianaran-diso ireo olomboafidin'Andriamanitra, ka niharitra fanenjehana mafy noho izany. Nankaherezina izy ireo mba hijanonany mahatoky hatramin'ny fahafatesana, hahazoany ny satroboninahitry ny Fiainana, sy ny tsy hananan'ny fahafatesana faharoa fahefana aminy.

«Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana»

Naharitra hatramin'ny taona 312 io Fiangonana io.

Maro ireo lehilahy nanao asa fanompoana tamin'io vanim-potoana io, saingy, araka ny fanambaran'Andriamanitra, dia *Irenée* no nofidin'Andriamanitra ho iraka-kintana teo an-tanan-kavanana'ny Tompo. Nijoro tamin'ny fampianaran'ny Apostoly izy, ary nitory ny Filazantsara feno. Namarinin'Andriamanitra-Tsitoaha ny minisiterany, tamin'ny alalan'ireo famantarana izay nanaraka azy.

NY FIANGONAN'I PERGAMOSY

«Izao no lazain'ilay manana ny sabatra roa lela maranitra...» (Apok. 2:12)

Nandritra ny taonan'io Fiangonana io, dia tafajoro ho fiangonana feno ny vondron'ireo Nikolaita. Dia tafiditra teo ny fampianaran'i Balama. Balama no ilay nanasa ny zanak'Isiraely hankalaza fety iray lehibe niaraka tamin'ireo Moabita, ary izany no nandavo an'Isiraely. Izany fomba izany ihany koa no nampiasain'i *Constantin*, nanaovany konsily tao Nikea, izay nanasany ireo vondrona anankiroa. Latsaka tao amin'ny fandrika nomanin'i Balama Isiraely, na efa nahita ny minisiteran'i Mosesy namarinin'Andriamanitra aza io vahoaka io. Tsy mba noesorina taminy izany heloka izany.

Nandritra ny fotoan'io Fiangonana io koa no nikambana tamin'ny fanjakana ilay fiangonana mpihemotra, nakambana ny fanompoantsampy sy ny kristianisma. Tamin-kafetsena loatra no nandaminana ny

programa, hany ka tafalatsaka tao amin'ny vela-pandrika ireo kristiana ara-nofo.

Na tamin'izany fotoana izany aza, Andriamanitra dia nanana lehilahy mahery izay nifikitra mafy tamin'ny Fahamarinana. Ary izy ireo no nankahery ny olom-boafidy, ka na tamin'ny fanjakana, na tamin'ily fiangonana mpihemotra dia tsy mba nanaovan'iretsy farany marimaritra iraisana.

Ny teny fikasana ho an'ny mpandresy tamin'izany andro iizany dia ny handraisany ny mana miafina sy ny vato fotsy, izay hisy anaram-baovao voasoratra, ka izay mandray izany ihany no irery hahafantatra azy.

«Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny Fiangonana».

Naharitra hatramin'ny taona 606 io taom-Piangonana io.

Araka ny fanambaran'Andriamanitra, dia i *Saint-Martin* no iraka-kintana teo an-tànana havanan'ny Tompo tamin'izany. Tamin'ireo lehilahy lehibe izay nitory ny Filazantsara tamin' izany fotoana izany, dia izy no nanakaiky indrindra ny fampianarana apostolika.

Nahery ny asa-fanompoany, ary nisy famantarana ara-tSoratra Masina nanaraka izany.

NY FIANGONAN'I TYATIRA

«Izao no lazain'ny Zanak'Andriamanitra, Izay manana maso toy ny lelafo, ary ny tongony tahaka ny varahina mangano...» (Apok 2:18-29)

Ny zavatra nanomboka nitranga tao amin'ny Fiangonan'i Efesosy, izay nantsoina hoe asan'ny Nikolaita, dia nivoatra ho fiangonan'ny pàpa tao amin'ity taom-Piangonana ity, ary nanjaka tamin'ity vanimpotoana ity. Tamin-kerisetra àry no nampidirana ny Fiangonana tao amin'ny taonam-pahamaizinana. Toa tsy nisy soritra intsony hita tavela tamin'ily tena kristianisma, sy ny fampianarana ara-Baiboly, saingy, Andriamanitra dia nanana sisa izay notarihin'ny Fanahy Masina, araka ny Teniny.

Ampitahain'ny Tompo amin'ny fampianaran'i Jezebela, izay nitarika an'Isiraely tamin'ny fanompoan-tsampy, io rafitra sandoka io. Noezahany nofitahina ireo mpanompon' Andriamanitra mba hijangajanga ara-panahy. Kanefa ireo olona voafidin'Andriamanitra tsy mba nandohalika teo anoloan'ireny rafitra namboarin'olombelona ireny. Na tamin'izany vanimpotoam-pahamaizinana sy fanenjehana izany aza, dia nanazava ny lalan'ireo Zanany ny hazavan'ny Tenin'Andriamanitra, ka tsy voafitaka izy ireo. Ny Teny fikasana nomena ny mpandresy dia ny hanomezana azy ny fahefana amin'ny firenena Jentilisa, izay handrasany amin'ny tehim-by. «*Ary homeko azy ny kintana fitarika andro.*»

«*Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin' ny fiangonana.*»

Naharitra hatramin'ny taona 1520 io taom-Piangonana io. *Colomban* no iraka-kintana teo amin'ny tana ankavanan'ny Tompo. Ny minisiterany dia nifotra tamin'ny Tenin' Andriamanitra voalohany, ary namarinin'ilay Tsitoha.

NY FIANGONAN'I SARDISY

«*Izao no lazain'ilay manana ny Fanahy fiton'Andriamanitra sy ny kintana fito...*» (Apokalypsy 3:1-6)

Ity taom-Piangonana ity dia mamerina antsika amin'ny andron'ny reformasiona, izay nitondra tara-pahazavana rehefa lasa ilay fotoam-pahamaizinana lavabe. Ny Tompo, noho ny Fahasoavany tsy manampetra, dia nanomboka zava-baovao, namerina indray ny Teniny velona, izay efa nanjakan'ny fahangoly ara-panahy. Nitombo tsikelikely ny hazavana izay nirehitra tamin'io fotoana io mandra-pahatongavana tamin'ny fanambarana feno an'i Jesosy-Kristy amin'ireo mpinon'izao andro farany izao.

Hoy ny Tompo taminy, hoe: «*Fantatro ny asanao, fa manana anarana ho velona ianao, kanjo maty ihany.*» Ity fiangonana ity dia nampiasa ireo fanononana telo, toy ny fanaon'ny fiangonana Romana. Tsy nahafantatra izy fa *Jesosy-Kritsy-Tompo* no Anaran'ny Ray, sy an'ny

Zanaka, ary an'ny Fanahy Masina. Ireo izay nino ny hafatra nalefan' Andriamanitra tamin'io vanimpotoana io dia tsy mba nandoto ny fitafiany. Iza no teny fikasana azon'ireo mpino tamin'izany taom-Piangonana izany: *«Izay maharesy dia hitafy lamba fotsy tahaka ireo koa, ary tsy hamono ny anarany eo amin'ny bokin'ny fiainana tokoa Aho.»*

«Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny Fiangonana!»

Hatramin'ny taona 1750 ny faharetan'io Fiangonana io. Nisy lehilahy nahery maromaro nandray anjara tamin'ny asan'ny reformasiona tamin'io fotoana io, kanefa, araka ny fanambaran'Andriamanitra, dia i *Martin Luther* (Loter), no ilay iraka-kintana teo an-tànan-kavanan'ny Tompo. Rehefa niseho izy dia nitondra ity hafatra ity: *«Ny marina ho velon'ny finoana»*.

NY FIANGONAN'I FILADELFIA

«Iza no lazain'Izay masina, Izay marina, Izay manana ny fanalahidin'i Davida,» (Apokalypsy 3:7-13).

Tsy mba nahazo fanakianana avy tamin'ny Tompo ity Fiangonana ity. Vanimpotoana lehibe ho an'ny asa misionera izy. Niely nanerana izao-tontolo-izao ireo mpino izay notsindrin'ny tolotsain'ny Teny sy ny Fanahin'Andriamanitra. Tsy niadihevitra nikasika ny Teny ny olona, fa niaina Azy. Faharesendahatra lehibe no nirotsaka tamin'ireo olona izay nihaino ny fitoriana ny Tenin'Andriamanitra. Fotoana be voninahitra tao amin'ny tantaran'ny Fiangonana tamin'izay. Nahery loatra ny fiantraikan'ny fitoriana ny Teny, hany ka ireo tao amin'ny synagogan'ny Satana aza tsy maintsy niaiky izany, ary niankohoka teo anatrehan'ny Teny. Ny Teny fikasana azon'ireo mpino dia ny ho voaàro amin'ny fizahan-toetra izay tsy maintsy ho tonga amin'ny tany manontolo, mandritra ny taom-Piangonana farany, fotoana izay hifanakaikezana izaitsizy ny marina sy ny diso: hany ka tsy misy afa-tsy ny Fahasoavan'Andriamanitra ihany no hahafahan'ireo voafidy hanavaka ny marina amin'ny sandoka.

Ny teny fikasana azon'ireo mpandresy tao amin'ity taom-Piangonana ity dia ny ho lasa andry ao amin'ny tempolin'Andriamanitra.

«Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny Fiangonana!»

Io taom-Piangonana be voninahitra io dia naharitra hatramin'ny taona 1906.

Araka ny fanambaran'Andriamanitra, ny iraka-kintana teo amin'ny tanaan-kavanan'ny Tompo dia i *Jhon Wesley*, izay nanohy nitondra ny fanevan'ny Teny, tamin'ny nitoriany ny fanambarana be voninahitry ny fanamasinana.

NY FIANGONAN'I LAODIKIA

«Izao no lazain'ny Amena, dia Ilay Vavolombelona mahatoky sy marina, Izay niandohan'izao zavatra noharin'Andriamanitra izao» (Apokalypsy 3:14-22)

Tena mahonena ny fipetrak'ity taom-Piangonana ity, ary tsy ahitan'ny Tompo fankasitrahana na tokana aza omena azy. Ny mampiavaka azy ity, dia izy ihany no mamitaka ny tenany: *«Manan-karena sy efa nihary fananana be aho ka tsy manan-java-mahory...»* Raha jerena ivelany dia manana betsaka amin'ny haren'izao-tontolo-izao tokoa izy, saingy tsy tsapany akory fa izy dia ory, mahantra, malahelo sy jamba, ary mitanjaka. Ilay manana maso toy ny lelafo mijery azy dia mahita ny tena toetran'i Laodikia.

Tsy isalasalana fa mbola resahina ny mikasika Azy sy deraina Izy ao amin'ity fiangonana ity, ary ireo mpikamba aminy dia manana karazana fiankohofana, saingy ireo hetsik'izao-tontolo-izao no manjaka ao aminy. Raha tokony hanokana fotoana bebe kokoa amin'ny vavaka, mialoha sy aorian'ny fotoana, ny olona dia faly mialoha misaina ireo kilalao sy alavoly izay hisy aorian'ny fivoriana. Tsy tsapan'izy ireo akory fa nandroaka Azy izy ireo. Tsy eo anivony intsony Izy: *«Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondona...»* Amin'ny ankapobeny, ny fiangonana dia mihevitra fa ho an'ny mpanota no

itenenana io filazana io, saingy amin'ny fiangonana no ampiharana'Andriamanitra azy io. Mijoro any ivelany ny Tompo, mandondona, ary mangataka antsika hanokatra ny varavarana Aminy.

Amin'ireo endrika mody asehon'ny fiangonanan'ity taom-Piangonana ity, dia sahalan'ny miaraka aminy ny Tompo. Ny olona dia manao fanahy iniana tsy mijery ny tena marina voalaza ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, izay ny Tompo Jesosy mihitsy no miteny izany. Ity no vanimpotoana mpamitaka indrindra amin'ny taom-Piangonana rehetra, satria miezaka mamorona rivotry ny fifohazam-panahy ny olona, tsy manaiky ny zavatra tena misy aminy. Koa, tsy mety mino ny Marina izy ireo, «*izany no ampanateran'Andriamanitra fiàsan'ny fahadisoan-kevitra aminy hinoany ny lainga,*» (2 Tesaloniana 2:11). Na iza na iza isika, raha mitsipaka ny Fahamarinana, dia manokatra avy hatrany ny tenantsika amin'ny fahadisoana.

Amin'ny fomba fetsy indrindra, no hamelaran'ny fahavalo fandrika, na eo anoloan'ny fiangonana sy anaram-piangonana tsirairay, na anoloan'ny evanjelista sy mpitoriteny tsirairay. Omeny fahombiazana aza ireny, raha mbola tsy mahafantatra ny hafatra sy ny iraka-mpitondra hafatra izay nalefan'Andriamanitra amin'izao androntsika izao. Misy ny sasany amin'izy ireny, izay milaza tsy mba hiditra ao amin'ny Filankevitry ny Fiangonana Maneran-tany, kanefa ny fanahin'io ihany no miasa aminy, ary tsy fantany fa mandray anjara anatin'izany rafitra izany izy. Na inona na inona lamim-pivavahana kristiana, dia io fanahy izay namorona io fiangonana voalamina voalohany io ihany no manetsika azy. Izay rehetra mandà ny hafatr'Andriamanitra ambaran'ny Fanahy Masina, dia tsy maintsy mandray avy hatrany ny mariky ny bibidia.

Maro samihafa ireo zavatra lazaina fa hetsiky ny Fanahy Masina. Mifangaro izaitsizy ny marina sy ny diso, ka tsy misy afa-tsy ireo voafidy ihany, ireo izay mifototra amin'ny Teny, no ho afaka manavaka izany.

Eo ny hetsika karismatika izay miezaka hitondra ny fiainana ara-panahy hatramin'ny ao amin'ny Filankevitry ny Fiangonana maneran-tany, izay, araka ny faminaniana, dia sarin'ny bibidia. Ny Fanahin'Andriamanitra

kosa anefa, dia miantso: «*Koa mivoaha eo aminy ianareo, ka misaraha aminy, hoy Jehovah, Ary aza manendry izay zavatra tsy madio; Ary Izaho handray anareo.*» (2 Korintiana 6:17). Tahaka an'i Kristy ivelan'ny toby amin'izao taom-piangonan'i Laodikia izao, ireo rehetra izay voafidy koa dia mivoaka miala ny tobim-pivavahana rehetra, ka ny tsirairay mandray ny toerany miaraka Aminy, sady mitondra ny Latsany; saingy, ireo koa dia manana ny teny fikasana hizarany ny Voninahiny.

Ny teny fikasana dia: «*Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin' ny seza fiandrianako...*»

Tsy isalasalana na kely aza, fa misy lehilahy malaza tena miavaka any amin'ireny anaram-piangonana samihafa ireny, kanefa iza no voafidy ho iraka-kintana ho an'izao taranatsika izao? —Tsy maintsy ara-tSoratra Masina ny masontsivana hamantarantsika izany, fa tsy ny fahombiazana, na ny toetra, na fahatsapana hafa. Tsy maintsy fantarintsika ny safidin'Andriamanitra.

Tsy amim-pisalasalana, eo anatrehan'Andriamanitra, no ilazantsika fa ny rahalahy *Brahnam* no tondroin'ny Soratra Masina, ary nohamarinin'Andriamanitra izy. Aoka izay rehetra manan-tsofina ho afaka handre izay lazain'ny Fanahy amin'ireo fiangonana, ka tsy ho voagejan'ny fomba nolovana intsony, fa hivoaka hiala amin'izany, ary hisaraka amin'ny tsifinoana rehetra.

Raha ny amin'ity taom-Piangonana ity, dia nilaza ny rahalahy *Branham*, hoe: «Manombatombana aho... tsy milaza aho fa tena izany, manombatombana aho fa 1977 no hiafarany, ary hiditra tanteraka ao amin'ny fihemorana ny fiangonana, ka haloaky ny vavan'Andriamanitra. Ary mety hitranga amin'ny fotoana rehetra ny Fiaviana faharoa an'i Kristy, na ny fampakarana. Kanefa, mety ho diso aho, amin'ny iray taona, na roapolo taona, eny na zato taona aza...».

Tena akaiky ny farany tokoa ve isika?

«*Ry mpiambina ô, toy inona alina moa izao? Dia hoy ny mpiambina: Avy ny maraina, avy koa ny alina...*» (Isaia 21:12)

INDRO, AVY NY MPAMPAKATRA

Ny Teny dia manentana antsika mba hahonon-tena amin'ny zavatra rehetra, ary tsy hametra daty amin'ny Fiverenan'ny Tompo. Ny irarianay dia aoka Kristy hahita antsika samy miambina, miandry, ary vonona, rehefa ho tonga Izy. *«Fa ny amin'izany andro sy ora izany dia tsy misy mahalala, na dia ny anjelin'ny lanitra aza, ary na ny Zanaka aza, afa-tsy ny Ray ihany.»* (Matio 24:36)

Jesosy-Kristy dia manoro antsika ireo zavatra tsy maintsy hitranga alohan'ny Fiverenany. Vavolombelon'ny fahatanterahan'izany indrindra isika. Niresaka ny amin'ny aviavy Izy (Isiraely izany). Nambarany ireo famantarana ny fotoana, ary nilaza tamintsika koa ny mikasika ny Famantarany manokana Izy, dia ny Famantaran'ny Zanak'olona. Izao androntsika izao no voalazan'i Jesosy, raha niteny Izy, hoe: *«Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy mba ho lany izao taranaka izao mandrapahatongan'izany rehetra izany. Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny Teniko tsy mba ho levona.»* (Matio 24:34-35)

Ny fanoharan'ireo virjina folo, voalaza ao amin'ny Matio 25, dia lasa fanontaniana mivaivay ao am-pon'ny maro. *«Ary amin'izany ny fanjakan'ny lanitra dia ho tahaka ny virijina folo, izay nitondra ny fanalany ka nivoaka hitsena ny mpampakatra. Ary ny dimy tamin'ireo dia adala, fa ny dimy kosa hendry. Fa ny adala nandray ny fanalany, nefa tsy nitondra solika fitaiza; ary ny hendry kosa nitondra solika tao anatin'ny fitondrany sy ny fanalany. Ary raha naharitra ela ny mpampakatra, dia samy rendrehana avy izy rehetra, ka dia natory. Ary nony mamatonalina, dia nisy antso hoe: Indro ny Mpampakatra! Mivoaha mba hitsena Azy... Ary izay efa niomana dia niara-niditra tAminy tao amin'ny Fampakaram-bady, ary dia narindrina ny varavarana.»*

Samy naka ny fanalany ny rehetra hitsenana ny Mpampakatra, ireo hendry nitondra solika fitaiza tao amin'ny sininy, fa ireo adala tsy mba nitondra. Tonga ary ny fotoana izay anehoan'ny Tompo ny Heriny sy ny Voninahiny ao amin'ny Ampakarina, ny vondron'ireo virijina hendry, izay nandray ny tena Voan'ny Tenin'Andriamanitra. Ireo adala dia hikoy fa ny fanambarana ny Teny no mitondra ny fampirisihana

amin'ireo mpino, ka te-hahazo io Fanahy Masina io koa izy ireo. Saingy, amin'izay, hiverina ny Mpampakatra, ary ireo izay vonona no handeha hiaraka Aminy.

Nandre isika, tamin'ny lasa, fandikana maro an'io fanoharana io. Kanefa, hatramin'ny nahafantarantsika tsara ireo kisary ara-Baiboly, dia hitantsika ny dikany ara-paminaniana. Ireo kisary ara-tSoratra Masina, ana virijina, fanala, diloilo, siny, sns, dia manome antsika izay asehon'ny sary manontolo.

Voalaza fa virijina i Maria. Nahita fahasoavana izy teo imason'Andriamanitra, ary nandray ny teny fikasana ho an'ny androny izy, tamin'ny alàlan'ny anjely iray. Nanomba azy ny Fanahy Masina, ary norakofan' ny Aloky ny Herin'ny Avo-Indrindra izy. Ny Teny mihitsy no nitoetra tao aminy mba hampiseho izay efa nampanantenaina: ny Teny izay tonga nofo. Toy izany koa ankehitriny. Ilay Teny-Voa, izay nampanantenaina ho an'izao ora izao, dia raisin'ireo virijina hendry; mino Izany izy ireo; ary tonga aminy ny herin'ny Fanahy Masina, ary mitsiry ao amin'ny fiainan'izy ireo ny Teny nampanantenaina.

Ny virijina dia tovoavavy izay tsy nisy lehilahy nikasika azy, izay nitandrina ny tenany ho madio tsy misy pentina. Io teny io dia midika sahady fa tsy mba nijangajanga ara-panahy ilay mpino, fa nitandrina ny tenany ho madio, masina ary nohamasinina eo anatrehan'ny Tompo. Ireo virijina folo no maneho ireo mpino amin'izao taranaka izao. Tahaka an'i Maria, ireo virijina hendry dia nahita fahasoavana teo anatrehan'Andriamanitra. Raha nandre ny Tenin'ny teny fikasana izy ireo, dia nampahiratra azy ireo ny hazavana izay nampirehetina amin'izao taom-Piangonana farany izao.

Na manao ahoana, ireo virijina adala dia tsy nifandray tamin'ny fikoriana tsy tapaky ny diloilon'ny Fanahy Masina, koa nandalovany ny fiomanana farany. Taloha, dia nirehitra tsara ny fanilony, kanefa tsy namindra niaraka tamin'ireo fanambarana izay tonga niantoana izy ireo mba handraisany anjara amin'ny fahatanterahan'ny Teny, izay nampanantenaina hatramin'ny farany, koa tsy feno diloilo indray ny fanilony, dia maty.

Amin'ireo virijina nivoaka avy tamin'ny fanandevozana, dia ireo izay mirona amin'ny zavatra ara-nofo no virijina adala. Ananan'izy ireo ny tenin'ny Tenin'Andriamanitra, fa tsy ananany ny Fanahiny. Kanefa izy ireo dia matoky tena fa ilay tselatra azony voalohany iny no hany zavatra ilainy. Noraisin'ireo virijina adala àry ireo fanalany, sady nihevitra hahazo anjara amin'ny fampakarana; saingy amin'ny ora sarobidy indrindra, tsy nisy intsony ny diloilony satria tsy nanana fitaiza izy ireo. Ilain'ny tsirairay àry ny manana fifandraisana manokana amin'ny hetsika tsy tapaky ny Fanahy Masina, ary izany, hatramin'ny fotoana farany.

Raha naharitra ela ny Mpampakatra, dia samy natory izy rehetra. Ary indro ny fotoana fifohazana, satria naneno ny feo hoe; «*Indro ny Mpampakatra, mivoaha mba hitsena Azy!*» Fomba iray ihany no nanombohan'ireo virijina folo ireo. Samy nandray ny Hazavana nomena tamin'ny fiandohan'ity taom-Piangonana ity avy izy rehetra, satria samy nirehitra avy ny fanalany. Ny rehetra samy nandre ny feo, ka samy nanomana ny fanalany, ary nivoaka hitsena ny Mpampakatra. Saingy, amin'ny farany vao homena ny satroboninahitra fa tsy amin'ny fiandohana.

Izao no fotoanan'ny sedra. Tsy ampy tamin'ny zanak'Isiraely ny nahafantatra sy niresaka nikasika azy, fa Mosesy no ilay mpaminany nirahin'Andriamanitra. Tsy maintsy nankatò izy ireo, ary nihetsika tamim-pinoana, araka ny teny fikasana rehetra nataon'Andriamanitra taminy, rehefa tafavoaka ny fanandevozana izy ireo. Ny marina, dia tsy maintsy nosedraina tamin'ireo teny fikasana ny finoany. Tamin'ny fiandohan'ny hazakazaka, dia nandeha tsara aokizany ny zavatra teo anivony. Nifalifaly izy ireo, ary tena ravoravo noho ny fahagagana nataon'Andriamanitra teo anivony. Fa avy teo, nanomboka tsy afa-po izy ireo, ary nimonomonona. Notsarainy tamin'ny fomba ara-nofo ireo zavatra ara-panahy, ary tsy nofantariny ny làlan'Andriamanitra, ka nahatonga azy ireo nanota tAminy izany.

Mifanohitra amin'izany kosa, ireo virijina hendry dia mahonon-tena amin'ny zavatra rehetra. Izy ireo tsy mifototra amin'ny tenan'ilay mpaminany nirahin'Andriamanitra, fa mino ny Teny izay nentiny. Tsy maintsy toy izany no handrosoantsika, manaiky ny fitarihan'ny Fanahy

Masina. Tsy vitan'ny miresaka momba ny fahazavana manokana azontsika fotsiny, sy ny fitsidihan'Andriamanitra ny taranatsika, fa tsy maintsy manohy ny dia miaraka amin'i Jesosy-Kristy isika, mandrapahatonga antsika amin'ny tanjona alehantsika.

Ireo virijina hendry dia mangetaheta sy noana an'Andriamanitra, ary ho vokisana izy ireo (Mat.5:6). Ny sakafo ara-panahy, ny Tenin'Andriamanitra voambara, izany ny mana miafina izay nangonina ho an'ireo voafidy amin'ity taom-Piangonana ity. Tsy àry nisy izany hanina naroso izany, kanefa tsy mba nangonina aloha. «*Iza moa no mpanompo mahatoky sy manan-tsaina, izay notendren'ny tompony hifehy ny mpanompony mba hanome azy hanina amin'ny fotoana?*» (Matio 24:45)

Ireo virijina hendry —ireo voafidy, ireo mpandresy— tsy ny Fanahy Masina ihany no noraisiny, fa koa ny vavolombelon'i Jesosy-Kristy, izay ny Fanahin'ny faminaniana (Apok.19:10). Manana anjara ao amin'ny Planin'Andriamanitra ho an'ny andro farany izy ireo.

Enga anie isika, tsy mba hahatezitra na hampahalahelo ny Fanahy Masina, fandrao hanalavitra antsika Izy. Ireo hendry dia tsy manampotoana himonomononana sy hitarainana, satria izy ireo seriny loatra amin'ny fiomanana hitsena ny Mpampakatra. **Tsy ela, dia ho lasa tantara ny Matio toko faha-25.** Tsy mahasoana na amin'inona, na amin'inona, ny nahafantatra ny iraka sy ny hafatra, raha tsy manohy mamindra ao amin'ny fahazavana. Amin'ny alàlan'ny Fitiavan'Andriamanitra no hahatonga ny asan'Andriamanitra amin'ny fahatanterahany. Ny singa rehetra ao amin'ny Vatana dia miray, sady miray amin'ny Loha. Tsy ela, handray ny Toerany ilay Vato-hatao-Tendrony, satria Kristy dia izy roa, Izy no sady Vato-Fehizoro no Vato-hatao-Tendrony, ny Alfa sy ny Omega.

Ireo izay mino ny hafatra ho an'ny andro farany, dia tsy tokony hanao ny fahadisoan' ireo virijina adala ireo: miresaka ny zavatra vao nataon'Andriamanitra, tsy ela, sady miandry amin'ny fanantenana lehibe izay hataony amin'ny ho-avy, saingy diso tsy manana fifandraisana amin'izay ataony ankehitriny.

Tamin'ny fiandohan'ny Testamenta Vaovao, mety niresaka andro aman'alina ny amin'ny minisiteran'ny mpaminany nalefan'Andriamanitra ireo mpino. Saingy, noho izy tsy nanohy ny dia niaraka tamin'i Jesosy-Kristy-Tompo, dia tsy nahazo ny sisa rehetra, hatramin'ny firotsahan'ny Fanahy Masina, tamin'ny andro Pentekosta aza. Mety nandre mikasika ny minisitera mahery nataon'i Jesosy-Kristy-Tompo izy ireo, kanefa raha tsy nanana fitohizana tamin'ny hetsik'Andriamanitra manaraka, dia tsy nahazo anjara tamin'ny Planiny tamin'izany fotoana izany. Ny mety sy tokony atao dia ny mandray anjara amin'izay ataon'Andriamanitra izao ankehitriny izao. Izany no mampitohy antsika amin'izay hataony manaraka.

Noho ny fahasoavan'Andriamanitra, isika dia mamantatra an'i Kristy ao amin'ny minisiterany ara-paminaniana, amin'ny maha-*Zanak'olona* Azy. Amintsika, ny Teniny dia «Izao no lazain'ny Tompo». Enga anie isika hahita sitraka Aminy, amin'izao ora sarobidy izao, mba hahazo anjara amin'ireo zavatra izay mbola hataon'ny Tompo mandrapihaonantsika Aminy isika. «*Ary raha ny Fanahin'izay nanangana an'i Jesosy tamin'ny maty no mitoetra ao anatinareo, dia Izay nanangana an'i Kristy Jesosy tamin'ny maty no hamelona ny tenanareo mety maty amin'ny Fanahiny, Izay mitoetra ao anatinareo.*» (Romana 8:11). «*Fa izao zavatra àry rehetra izao dia samy maniry fatratra ka miandry ny fampisehoana ireo zanak' Andriamanitra;*» (Romana 8:19)

NY METY SY TOKONY ATAO

Mandritra ireo fotoana manokana itsidian'ny Tompo, amin'ny fomba mahagaga, dia tsy maintsy mitandrina betsaka ireo olona izay vao nivoaka ny rojo namatotra azy ireo mba hitoetra amin'ny fahononantena, amin'ny fanahy tsara sy fihetsika marina, raha ny mikasika ireo zavatra an'Andriamanitra. Mora tokoa maintsy ny manaiky zavatra sarintsariny fotsiny, ary noho izany, mahatonga ny Fanahy Masina halahelo, ka hanalavitra antsika. Raha tsy mitandrina ny hitoetra ao amin'ny Teny ireo mpino, dia mirona moramora foana amin'ny fanompoan-tsampy, kanefa sady tsy hahatsapa izany fironana izany akory.

Niodina tamin'Andriamanitra ireo zanak'Isiraely, ka nahatonga ny latsa tAminy sy tamin'ny Teniny, raha nanao zanak'omby volamena izy ireo. Tena tsy hay saintsainy izany, raha i Arona, izay akakiky indrindra ny mpaminany, no nanangona ny vahoaka nampidirana ny fanompoan-tsampy teo amin'Isiraely. Fampitahana ara-nofa no nanajamba ny mason'izy ireo, ka natsatsoiny ny minisiteran'ilay mpaminany izay nirahin'Andriamanitra, noho izany.

Lesona lehibe loatra ho antsika izany! Tsy mba manavakavaka olona Andriamanitra. Mahatonga antsika ho tompon'andraikitra bebe kokoa aza ny niarahantsika namindra tamin'ny mpaminany. Aorian'ny minisitera toy io, dia misy hatrany vanim-potoana ho an'ny fakampanahy. Isika àry dia voatery tsy maintsy mamantatra ny zavatra rehetra amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra. Ireo Isiraelita ireo dia tsy nahatsapa fa, noho ny nataony, dia izy ireo mihitsy no nanamavo ny minisiteram-paminaniana; tsy fantany fa izy ireo no nitondra ny latsa tamin'ny zavatra nataon'Andriamanitra. Mbola mitoetra hatrany ity Teny ity: *«Izaho no Jehovah, izany no anarako, ka ny voninahitro tsy homeko ny hafa, na ny fiderana Ahy ho an'ny sarin-javatra voasokitra.»* (Isaia 42:8)

Mety miverina indray ve ny tantara eo amin'ireo izay nantsoina nivoaka ireo anaram-piangonana? Ny tena Ampakarina dia mitoetra amin'ny Teny. Mino Azy izy ary mankatò Azy. Tsy ho voataona hitodika amin'ireo mpanita-javatra izy. Mino izy fa Andriamanitra dia hahatody ny zavatra rehetra hifanaraka amin'ny Planiny sy ireo Sitrapony.

Rehefa atao araka ny didin'Andriamanitra ny zavatra iray, dia ahazoana fitahiana. Kanefa io zavatra io ihany dia mety hahatonga ozona, raha misy fanahim-panompoan-tsampy tafiditra, ary koa raha hadika aranofo izany. Noho izany àry, ny mpino rehetra dia ilaina hilahatra amin'ny Tenin'Andriamanitra.

Ao amin'ny hafatra ho an'ny andro farany ihany dia misy ny tolotsain'Andriamanitra rehetra, izay nampahafantariny tamin'ny alàlan'ny fanambarana avy tAminy. Ary io hafatra io dia tsy maintsy apetraka tsara ao amin'ny famelabelarana ny Planin'Andriamanitra. Isika tsy afaka manorina zavatra miainga avy amin'ny filazana iray izay

notsoahina ivelan'ny manodidina azy, fa tsy maintsy miainga avy amin'ny fototra mafy an'ireo Soratra Masina, izay jadona ho antsika. Tsy maintsy fantarina ary apetraka tsara amin'ny toerany ao amin'ny Baiboly manontolo ireo hafatra nentin-drahalahy *Branham*. Tsy mahazo mihambo ho tarihin'ny Fanahin'i Kristy izay rehetra tsy te-hamela ny Tenin'Andriamanitra ho tompon-teny farany, ary na ho ela na ho aingana, dia hivily hiala ny Fahamarinana izy.

Tsy nanomboka fivavahana vaovao Andriamanitra, na nanome Baiboly vaovao. Teo afovoan'ireo anaram-piangonana sy vondrom-pivavahana hatrany no nitoetra ny rahalahy *Brahnam*, nitory ny Tenin'Andriamanitra marina, mba iantsoana ny vahoaka hivoaka ho an'ny Tompo. Na inona na inona no notoriny, dia tsy maintsy dinihina miaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra, izay tsy azo anampiana na analana.

Tsy nisy vanim-potoana toy ny ankehitriny, teto amin'ny tany, izay nanambarana amin'ny antsipiriany ny Drafi-panavotana, saingy avy teo indrindra, tonga ny fahavalo namafy ny voany nitondra fisarahana sy tsifiraisan-tsaina (Matio 13).-Aoka isika tsy ho voakorontana na ho variana noho izany, satria toy izany foana, hatra tao amin'ny saha Edena ka hatra tao amin'ny Testamenta Taloha sy Vaovao. Isaky ny misy lehilahy iray tena an' Andriamanitra mipoitra an-tsehatra, dia misy mpaka-tahaka foana manaraka aorianany. Na tamin'ny andron'i Paoly aza, efa nisy olona nitory fampianaran-diso.

Araka ny Tenin'i Kristy, dia avelaontsika hiara hitombo eny ireny zavatra ireny mandra-pahatonga ny fotoan'ny fijinjana. Amin'izay ny tsimparifary dia hosarahana amin'ny voambary. Mandra-pahatonga izany, dia hirotsaka amin'ireo voa anankiroa ireo ny orana, amin'ny marina sy amin'ny tsimarina, ary ny masoandro hiposaka amin'ny tsara fanahy sy amin'ny ratsy fanahy.

Mifehi-tena ireo singan'ny Vatan'i Kristy mba tsy hanome fandikana manokana, na amin'ny Teny, na amin'ireo fahitana, na amin'ireo toriteny. Fa izy ireo mitory ny Teny, ary mamela ny sisa rehetra eo antàn'an'ilay Andriamanitra-Tsitoha. Raha manome fahitana iray, na teny fikasana iray ny Tompo, Izy irery ihany no hiahy an'izany. Tsy mila

olon-kafa Izy handeha atsy na aroa hiresaka ny amin'izany, satria Izy mihitsy no hitandrina izany ho tanteraka. Na inona na inona tenenin'ny Tompo, na asehony amin'ny fahitana, dia mitoetra ho andraikiny izany rehetra izany. Amin'ny androny sy ny fotoany no hanambarany ny dikan'izany.

Misy mihevitra fa mbola tsy tanteraka ny sasany amin'ireo zavatra hitan-drahalahy *Branham* tamin'ny alalan'ny fahitana. Aza adinointsika fa indraindray, ny zavatra ara-nofa dia misy dikany ara-panahy. Na maro aza ireo mpaminany toa nilaza zavatra tsy maintsy hitranga taminy manokana, dia tsy voatery ho mbola velona izy ireny tamin'ny fotoana fahatanterahan'izany zavatra izany. Kanefa ny fahitana azony dia «Izao no lazain'ny Tompo».

Raha mbola nivavaka teo an-tafotrano marindrano i Petera, dia nahazo fahitana iray tena manokana izy. Hitany tamin'izany ny biby rehetra izay manan-tongotra efatra sy ny zava-mandady sy mikisaka ety antany, sns... Zavatra tena nahagaga izany. Ary nisy feo nanao taminy hoe: « vonoy, ka hano.». Tsy mety ampiharina raha tsy amin'ny sehatra ara-panahy ny oha-teny izay milaza fa «Andriamanitra misaina izay lazainy, ary milaza izay saininy.» Satria matetika ny Tompo, ao amin'ny fahitana, dia maneho zavatra ara-nofa izay manana dikany ara-panahy. Tamin'ny voalohany àry, dia tsy fantatr'i Petera ny dikan'io fahitana io, kanefa nomen'Andriamanitra azy ny valiny, satria Izy ihany no mihetsika anatin'ireo sehatra anankiroa ireo (Asa toko faha-10).

Hevero fotsiny moa ny fahasimbana ho fiantraikan'izany raha ho noraisiny ara-nofa izany fahitana izany! Inona no ho nitranga raha izy, na olon-kafa, no nanomboka niresaka izany na nitory izany? Saingy, izany fahitana izany dia nomena an'i Petera ho fitarihana azy manokana.

Raha niteny tamiko ny Tompo, ny 2 Aprily 1962, teo amin'ny fiposahan'ny masoandro, nikasika ny tsy maintsy nanangonana hanina satria hisy mosary ho avy, niresaka karazana legioma sy sakafò isan-karazany Izy, toy ny ovy, lafarina, menaka fanendy, karoty, sns... Tamin' izay dia mosary ara-nofa no noheverinay fa ho tonga, satria tsy fantatray fa efa niteny hanoanana toy izany ny Tenin'Andriamanitra, ao

amin'ny Amosa 8:11. Noraisinay ara-bakiteny io Tenin'ny Tompo io, dia nanomboka nanangona hanina isan-karazany izahay.

Tsy nahafantatra ny dikan'izany ara-panahy aho, raha tsy efa nihaona tamin-drahalahy *Branham*, ny 3 Desambra 1962. Noho ny fanambarana azony tamin'Andriamanitra, dia izy no nilaza tamiko fa tsy mosary aranofo no ho tonga, fa mosary ara-panahy, hanoanana te-handre ny Tenin'Andriamanitra. Nolazainy tamiko àry fa ny hanina tsy maintsy nangonina dia ny Tenin'Andriamanitra izay voambara ho an'izao fotoana izao, ka notehirizina tao anaty horonampeo.

Andriamanitra, Izy mihitsy, no hanatanteraka ny Asany, araka ny Drafipanavotany, raha tãhiny fotsiny isika afaka miankina Aminy, ary mandrakariva «*mijery an'i Jesosy, Tompon'ny finoantsika sy Mpanefa azy...*» (Hebreo 12:2)

Enga anie isika ho afaka hanambara ny Tolo-tsain'Andriamanitra rehetra, ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy feno, ary hanompo amin'ny fontsika rehetra. Mandra-pahatongavan'i Jesosy-Kristy, amin'ireo izay very isika dia hitory ny famonjena, amin'ireo izay marary dia ny fahasitranana, ary amin'ireo izay voafatotra sy votsindrin'ny fahavalo dia ny fanafahana. Ireo izay manaiky an'i Kristy, ka mibebaka amin'ny fahotany, dia tsy maintsy ataontsika batisa ary ivavahantsika, mba handraisany ny Fanahy Masina. Tsy maintsy mandray ny Fanasan'ny Tompo isika, sy mifanasa tongotra, ary manatanteraka, araka izany, ireo Didiny rehetra.

Raha sendra tafahaona amin'olona, na vondron'olona, izay tsy tafatoetra ao amin'ny Soratra Masina ianareo, mitandrema sao hitsipaka ny Teny sarobidy voambara tamin'izao taranatsika izao. Tsy hanafoana an'i Petera isika, satria fotsiny misy sarivongany natsangana ao *Vatican*, izay iankohofan'olona an-tapitrisany maro, manoroka ampahibemaso ireo tongony. Fony nahita izany aho, dia nahifiko fotsiny ny lohako, ary nanohy nidera ny Tompo aho noho ny amin'io apostoly lehibe io izay nampiasain'Andriamanitra tamin'ny fomba mahagaga loatra.

Mampalahelo fa nisy sasantsasany nanitatra loatra raha ny mikasika andrahalahy *Branham*. Kanefa isika tsy hijery izany. Na aiza na aiza Andriamanitra no miasa, dia tsy maintsy ao ny fahavalo, miezaka

hamitaka sy hamily antsika hiala amin'izay efa omanin' Andriamanitra hatao.

Tsy maintsy ny Tompo Jesosy-Kristy no ivotoerana, ao amin'ny resaka ataontsika, ao amin'ny hirantsika, ao amin'ny vavakantsika. Tsy maintsy Izy no voalohany amin'ny zavatra rehetra. Izy no Ilay mamindra eo afovoan'ireo fanaovanjiro volamena fito; mendrika ny iankohofantsika Aminy Izy, sy ny anandratantsika Azy, ary ny anomezantsika Azy ny fotoambavatsika sy ireo fiderantsika. Ireo mpanompony sy mpaminaniny dia tokony hajaintsika, noho ny minisitera nomena azy, sy ny toerana nametrahan'ny Tompo azy ireo.

«Ary ho an'izay maharo anareo mba tsy ho tafintohina, ary hametraka anareo tsy hanan-tsiny eo anoloan'ny voninahiny amin'ny firavoravoana, ho an'Andriamanitra tokana, Mpamonjy antsika, amin'ny alalan i Jesosy Kristy Tompontosika anie, ny voninahitra sy ny fahalehibiazana, ny fanjakana sy ny fahefana hatramin'ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay. Amena.» (Joda 24-25)

Miasa, araka ny irak'Andriamanitra

Rahalahy Frank.